SEHATRA IFAMPIÉRANA MAMPAHOMBY NY SAMPAN-DRAHARAHA ENY IFOTONY (SIMSI)

Sehatra Iombonana ho an'ny Fananan-tany
Solidarité des Intervenants sur le Foncier

Soa Afafy Hampahomby ny ho Avy



TORO-LALANA MOMBA NY FITANTANANA NY FANANAN-TANY HO AN'NY RAFITRA IFOTONY FIKAONAN-DOHA (RIF) ENY AMIN'NY KAOMININA

Mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola :

LA BANQUE MONDIALE
BIRD • IDA | GROUPE DE LA BANQUE MONDIALE

GPSA
GLOBAL PARTNERSHIP FOR SOCIAL ACCOUNTABILITY

Novambra 2020

TORO-LALANA MOMBA NY FITANTANANA NY FANANAN-TANY HO AN'NY RAFITRA IFOTONY FIKAONAN-DOHA (RIF) ENY AMIN'NY KAOMININA

FANOROAM-PEJY

i. TENY FISAORANA 6

ii. TENY FAMPIDIRANA 7

1. NY KAOMININA SY NY FITANTANANA NY FANANAN-TANY 8

2. NY MOMBA NY RAFITRA IFOTONY FIKAONAN-DOHA 11

3. NY BIRAO IFOTON'NY FANANAN-TANY (BIF) 16

4. HETRA-TANY (IMPOT FONCIER SUR LES TERRAINS)
SY NY HETRA-TRANO (IMPOT FONCIER SUR LA PROPRIETE BATIE) 23

5. NY FANANAN-TANY SY NY FITRANDRAHANA HARENA AN-KIBON'NY TANY 25

6. NY TOKONY ATAON'IREO MPITANTANA ENY IFOTONY MBA HIAROVANA NY ZON'NY MPONINA EO AMIN'NY FANANAN-TANY 30

7. FANONTANIANA MATETI-PITRANGA NA FANONTANIANA ARAHIM-BALINY 33

TOVANA I: Lalàna 2005-019 tamin'ny 17 oktobra 2005 anaovana
ny Fehi-kevitra ankapobeny mifehy ny satan'ny tany 36

TOVANA II: Lalàna 2006-031 tamin'ny 24 novambra 2006 hamerana araka ny lalàna ny
fitompoan'olon-tsotra ny tany tsy vita titra 56

FANALAVÀNA TENY

AERP	Autorisations exclusives de réservation de périmètres
BIF	Birao Ifotony Fananan-tany
CCATU	Comité Consultatif pour l'Aménagement du Territoire et de l'urbanisme
DAGFD	Direction d'Appui à la Gestion Foncière Décentralisée
EIE	Etudes d'Impact environnemental
ONG SAHA	Organisation Non Gouvernementale Soa Afafy Hampahomby ny ho Avy.
PLOF	Plan Local d'Occupation Foncière
PRE	Permis réservés aux petits exploitants
RIF	Rafitra Ifotony Fikaonan-doha (Structure Locale de Concertation - SLC)
SIF	Sehatra Iombonana ho an'ny Fananan-tany
SIMSI	Tetik'asa Sehatra Ifampiérana Mampahomby ny Sampan-draharaha eny Ifotony
STEAH	Secrétariat Technique pour l'Eau, Assainissement et Hygiène

i. TENY FISAORANA

Ny Tetik'asa SIMSI/ ONG SAHA sy ny SIF dia maneho etoana ny fisaorana an'ireo rehetra nitondra anjara biriky, na mivantana na ankolaka tamin'ny fanatonotosana ity toro-làlana ity.

Singanina manokana eto ireo Ben'ny Tanàna sy Tompon'andraikitra, ny Mpikambana ao amin'ny RIF eny amin'ireo Kaominina miara-miasa amin'ny Tetik'asa SIMSI, ny Tompon'andraikitry ny Sampandraharahan'ny Fananan-tany ao amin'ny Distrika Ankazobe, Antsirabe II, Atsimondrano sy Avaradrano.

Tsy adino ihany koa ny misaotra ny Talen'ny Foibem-pitantanana Misahana ny Tantsoroka ny Fitantanana Ifotony ny Fananan-tany na ny DAGFD, Andriamatoa Tiana Richard RAZAFINDRAKOTOHARY sy ny Mpiara-miasa aminy noho ny fifanakalozan-kevitra nisy teo amin'ny famolavolàna ity tari-dàlana ity.


Hirariana ny hitohizan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny Kaominina, ny Sampan-draharahan'ny Fananan-tany isan'ambaratongany ary ny fandraisana anjaran'ny RIF eny amin'ny kaominina ho fampanjariana ny Tamberin'andraikitra sy Fampandrosoana andraisan'ny rehetra anjara.

Ny Talen'ny Tetik'asa SIMSI/ONG SAHA



RAVELOMANANTSOA Harilanto

Ny Filohan'ny SIF



RANDRIANOMENJANAHARY Haingoarison

ii. TENY FAMPIDIRANA

Ity Toro-làlana ity dia vokatry ny fiaraha-miasa eo amin'ny Tetik'asa SIMSI/ONG SAHA sy ny SIF, ho atolotra ny Mpisehatra eny ifotony izay mandrafitra na mampiasa ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha na RIF, izay rafitra mijoro ara-dalàna natao hifampiresahan'ny Mpisehatra marolafy ao amin'ny kaominina iray.

Heverin'ny tetik'asa SIMSI ho andry lehibe manana ny maha- izy azy hanampy amin'ny fampandrosoana eny ifotony ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha na RIF, hiantoka indrindra indrindra ny fampandrosoana handraisan'ny olom-pirenena sy ny mpisehatra tsy ankanavaka anjara. Voakasik'izany fampandrosoana izany ny lafiny fananan-tany noho ny fananan'ny Kaominina andraikitra lehibe amin'ny fitantanana ny tolo-draharaha fananan-tany araky ireo politika sy lalàna misy eto Madagasikara.

Noho ireo antony voalaza eo ambony ireo dia natao ity tahirin-kevitra miendrika toro-làlana ity hanampy ny Mpisehatra ao amin'ny RIF hanantontosa ireo andraikitra sahaniny mahakasika ny fananan-tany.

Ny votoatin'ny toro-làlana dia niainga avy amin'ireo filàna nasehon'ny mpikambana ao amin'ny RIF izay nanaovan'ny tetik'asa SIMSI fanadihadiana manokana, izay nohatevenin'ny traik'efa teo amin'ireo mpiara-miombon'antoka aminy eny amin'ny kaominina.

Mirary ny mpamaky hikapa hahita ny vaniny, ary handidy hahita ny tonony ny mpamolavola ity toro-làlana ity.



1. NY KAOMININA SY NY FITANTANANA NY FANANAN-TANY

Ny taona 2005 dia nakan'ny fitondram-panjakana malagasy fanapahan-kevitra goavana mahakasika ny politikan'ny fananan-tany izay niala tanteraka tamin'ny foto-kevitra « fiheverana fa tanim-panjakana avokoa izay tany tsy vita titra » (présomption de domanialité) ary niditra tamin'ny « fiheverana fa an'izay olona mipetraka aminy ny sombin-tany izay ampiasainy na dia tsy mbola vita titra aza» (présomption de propriété privée). Io fanapahan-kevitra io no natao dia mba hanomezana fahafaham-po ny ankamaroan'ny Malagasy amin'ny fanamorana ny fiarovana ny zony amin'ny taniny manoloana ny fahasarotana amin'ny fahazoana titra indrindra fa ireo tantsaha mpamokatra.

Vokatr'io fanapahan-kevitra tamin'ny 2005 io dia nisy ny fanavaozana ireo lalàna isan-karazany mahakasika ny fananan-tany. Isan'ny lehibe tamin'izany ny fanapariahana ny fitantanana ny fananan-tany izay niseho tamin'ny alàlan'ny fanomezana fahefana ny Kaominina hitantana ny fananan-tany.

Fa maninona ny Kaominina no nomena fahefana amin'ny fitantanana ny fananan-tany ?

Antony roa lehibe no manazava ny nanomezana ny Kaominina fahefana amin'ny fitantanana ny fananan-tany hatramin'ny taona 2005.

Voalohany ny resaka fananan-tany dia raharaha eny ifotony ary ny antom-pisian'ny vondrom-bahoaka itsinjarampahefana eny ifotony dia ny hikarakara sy hanome fahafam-po amin'ny alàlan'ny tolo-draharaha eny ifotony. Tsy misy afaka handà fa raharaha eny ifotony ny fananan-tany satria eny anivon'ny kaominina tsirairay avy no manantanteraka ny asa ny olom-pirenena tsirairay avy.

Eo amin'ny fandaminam-panjakana ao anatin'ny endriky ny Fanjakana tokana (Etat unitaire) dia ny fanapariaham-pahefana no rafitra hahafahan'ny vahoaka mandray anjara eny ifotony amin'ny fitantanana ny raharaha mahakasika azy sy ny fitantanana ny firenena. Ny fiarovana ny zo kosa dia andraikitry ny fanjakana foibe (pouvoir régalien de l'Etat) izay tsy azony afindra amin'ny olon-tsotra fa afindrany amin'ireo rafitra mitovy lenta aminy, toy ny Kaominina, amin'ny alalan'ny lalàna (Transfert de compétence).

Faharoa dia noho ny fitakian'ny olona efa hatry ny ela ny hampanantonana ny vahoaka mpisitraka ny sampandraharaham-panjakana misahana ny fananan-tany. Mitombina loatra izany fitakiana izany satria saika teny amin'ny foiben-toeran'ny prefektiora no nisy azy ireny hatramin'ny fanjanahan-tany, izay tsy misy afa-tsy eo amin'ny 63 eo fotsiny nefa dia 119 ny isan'ny distrika ary 1696 no isan'ny Kaominina. Ny rafitra akaiky indrindra ny vahoaka dia ny Kaominina satria mifanalavitra tokoa ny toerana misy ny Kaominina sy ny sampandraharahan'ny fananantany amin'ny ankapobeny.

Ny satan'ny tany eto Madagasikara

Nohavaozina araka ny fehezan-dalàna laharana faha 2005-019 tamin'ny 17 oktobra 2005 ny lalàna mifehy ny satan'ny tany eto Madagasikara. Io lalàna io no mamaritra ireo karazana satan-tany.

Ireto votoatin'ny fanavaozana ny satan-tany:

— Foana ny fiheverana fa tanim-panjakana daholo ny tany tsy vita titra.
— Ny fampiasana ny tany tsy vita titra dia heverina ho zo maha tompon'ny tany. Ilaina anefa ny manamarina izany amin'ny alalan'ny kara-tany.

Raha fintinina dia toy izao ny fanavaozana nisy teo amin'ny sata-tany araka ny lalàna mifehy ny satan-tany eto Madagasikara :

Tanim-panjakana :

— **Ny Tanim-panjakana tsy azo amidy**, izany hoe ireo tany ampiasaina ho an'ny tombotsoan'ny daholobe : lalana, renirano…

— **Ny tanim-panjakana azo amidy**, izany hoe ireo fananan'ny Fanjakana, dia ireo tany vita titra amin'ny Fanjakana, ireo tany lavavolo, tany mipetra-potsiny.





Ny moron-dranomasina, ny Farihy na Matsabory dia tafiditra ao amin'ny tanim-panjakana tsy azo amidy.





Ny tany mipetra-potsiny tsy misy mampiasa, toy ny tampon-tanety dia tafiditra ao amin'ny tanim-panjkana azo amidy.

Tanin'olon-tsotra :

— **Tanin'olon-tsotra vita titra :** Tany azo tamin'ny fangatahana titra, tany tantanan'ny sampandrahan'ny fananan-tany, tany vita baorina.

— **Tanin'olon-tsotra tsy vita titra :** Ny tany rehetra tsy vita titra nefa misy mampiasa toy ny sola-pangady, ny tany an-tanan-dehibe na ambanivohitra ahitana fanamaintisa-molaly azo tsapain-tanana ka ankatoavina.





Ny tanin'olon-tsotra dia ireo tany fananan'ny olon-tsotra, mety ho vita titra mety tsy ho vita titra.

Tany manana sata manokana :

— Ohatra: valan-javaboahary, faritra misy harena voajanahary arovana, ala voafaritry ny Fanjakana, faritra atokana anaovana fampiasam-bola [investissement].





Ny faritra arovana, ny Atiala dia tafiditra ao amin'ny tany manana sata manokana.

2. NY MOMBA NY RAFITRA IFOTONY FIKAONAN-DOHA

Ny lalàna mifehy ny RIF

Ho fampiharana ny andininy faha **15** ao amin'ny Lalàna Fehizoro **2014 – 018** ny 12 septembra 2014 : « *Ny fampiharana ny tandrifim-pahefana sy ny andraikitr'ireo Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana dia atao amin'ny alalan'ny fampandraisana anjara ny rehetra ary ao anatin'ny mangarahara tanteraka. Amin'izany, ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy mametraka rafitra fikaonan-doha* », dia napetraka ny Didi-panjakàna laharana **2015 – 957** momba ny RIF tamin'ny 2015.

Ny foto-kevitra sy soatoavina hijoroan'ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha

Ny **« Teny iérana »**, **« dinidinika ambany tafon-trano»** sy ny **« loabary an-dasy »** dia ilazàna avokoa fa misy ny fifanatrehana eo amin'ny ankolafin-kery samihafa, ka hitondran'ny andaniny avy aty amin'ny Firaisamonim-pirenena sy ny Mpandraharaha ara-teo-karena ny fomba fijeriny ny olana sy ny soso-kevitra miaraka amin'izany, ary hamalian'ny ankilany Mpitondra sy Mpanapan-kevitra kosa hoe ny izao no azonay atao amin'izany, ary nahoana izay no miteny an'izany.

Ny tena fikaonan-doha dia ahitana fifanatrehana sy fifandonan- kevitra, mifanohitra amin'ny kabary tsy valiana (communication à sens unique), ny fampiharana ny Teny iérana no ahatongavana amin'ny **« raharaha ikambanana »**, indrindra raha manaja ny rariny sy tsy manilika izany ka mampitovy ny olona rehetra eo anatrehan'ny zo fototra maha-olona.

Ny fikaonan-doha dia fiantsoana ny olom-pirenena sy ireo mpisehatra samihafa handray anjara amin'ny famolavolana **tolo-kevitra iraisana** mikasika ny lohahevitra iray na tetikasa iray , natao hamatsiana ara-kevitra ny tompon'andraikitra voakasika na iantefan'ny tolo-kevitra nivoaka mba hanampy azy ireo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Raha mikasika ny raharaha eny amin'ny kaominina no raisina dia ny Filan-kevitra kaominaly no rafitra mpanapa-kevitra.

Na dia eo ampelantanan'ireo olom-boafidy sy ireo sampan-draharaha samihafa aza anefa ny fahefàna hanapa-kevitra dia tsara kokoa ny manome lanja **ny fihainoana,** mialoha ny fandraisana fanapahan-kevitra, mba hifanojoan'ny Politika, ny drafim-pampandrosoana, ny laharam-pahamehana tiana hapetraka amin'ny olana tena iainan'ny Mponina sy tsapan'ny Olom-pirenena.

Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia manome andraikitra bebe kokoa **ny olom-pirenena** fa tsy hijanona fotsiny eo amin'ny fifidianana Mpitondra ny fanatsaràna ny fifampitondràna. Ny olom-pirenena dia manana andraikitra handray anjara amin'ny famolavolàna sy fizohiana ny fampiasàna ny fahefàna nampindraminy ny olom-boafidy ao anatin'ny fotoana voafetra. Noho ny antony maro tsy ho tanisaina eto, ny ankamaroan'ny olom-pirenena dia tsy mbola mahatsapa ho manana andraikitra amin'ny fahombiazana na tsia ny fampandrosoana eny ifotony. Ity kisary manaraka ity dia fanehoana an-tsary ny fampandraisan'anjara ny olom- pirenena mba ahatonga ny fandrosoana ny kaominina ho raharaha Iombonan'ny Mpitondra sy ny Olom-pirenena.

Kisary maneho ny fikaonan-doha sy ny fampandraisana anjara ny Mpisehatra



Firahana manapa-kevitra : maka fanapahan-kevitra miaraka amin'ny mpisehatra manana andraikitra voafaritry ny lalàna mikasika ny asa na tetik'asa iray

Fikaonan-doha : mampiasa ny mpisehatra rehetra mba hiaraka handroso soso-kevitra manodidina ny asa na tetik'asa iray na vitsivitsy

Fakàn-kevitra : mangataka ny hevitra sy soso-kevitry ny mpisehatra hanatsaràna tetik'asa na tolo-draharaha iray.

Fizaràna vaovao : fampitàna ny vaovao tsara ho fantatra mikasika tetik'asa na tolo-draharaha eo amin'ny kaominina

Ny tanjona amin'ny fametrahana ny Rafitra ifotony fikaonan-doha

Tsapa hatrany fa misy elanelana goavana eo amin'ny mpitondra sy ny entina rehefa nipetraka na voafidy ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny kaominina na dia ny vahoaka aza no nifidy azy. Tsapa ihany koa fa tsy dia misy firy ny fiaraha-miasa eo amin'ny vahoaka sy ireo mpitondra eny anivon'ny kaominina amin'ny fametrahana tsara ny fampandrosoana ifotony.

Niainga avy amin'izay zava-misy izay dia apetraka ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha:

— hamerenana sy hanamafisana ny fiaraha-miasa eo amin'ny vahoaka sy ny tompon'andraikitra eo anivon'ny kaominina dia ny filan-kevitra sy ny mpanatanteraka. Tokony hifanakaiky ireo eo amin'izay fiaraha-miasa izay satria tanjona iray no kendrena dia ny fampandrosoana ny kaominina.

— hisian'ny **serasera** bebe kokoa eo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka ka ao anatin'izay dia mipetraka tsara ny fahalalahana eo amin'ny fonoloran-kevitra, tsy misy intsony ny tampenambava satria afaka mitondra ny heviny daholo ny tsirairay amin'izany atao hoe fampandrosoana izany. Mba ahatongavana amin'izany anefa dia tsy maintsy apetraka tsara ilay Rafitra Ifotony Fikaonan-doha.

Ireto manaraka ireto **ny tanjona** voafaritry ny lalàna amin'ny fametrahana ny rafitra ifotony fikaonan-doha :

- Fampihenana ny elanelana eo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka mba hisian'ny **fiaraha-miasa amin'ny fampandrosoana ifotony** ;
- Fivoizana ny fandraisan'anjaran'ny vahoaka miaraka amin'ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny kaominina mba hisian'ny **firaisankina**,
- Fampandraisan'andraikitra ny olom-pirenena mba hisian'ny **fitompoan-draharaha** fampandrosoana,
- **Fanatsarana ny serasera** eo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka amin'ny alalan'ny fahalalahana eo amin'ny fanoloran-kevitra,
- **Fampifanantonana ireo mpisehatra** rehetra hivoizana sy hanatanterahana ny fitsinjaram-pahefana, ny fampandrosoana ifotony, ary ny fandraisan'anjaran'ny olom-pirenena,

- **Fanomezana sehatra ireo mpisehatra eny ifotony** handray anjara amin'ny fampandrosoana ifotony,
- Fampandraisan'andraikitra ireo mpisehatra samihafa amin'ny **fanantanterahana ny politikam-pampandrosoana eny ifotony**,
- Fanamafisana ny firaisankina ara-tsosialy sy ara-kolontsaina mba ahafahana **mamoaka ireo filàna sy fangatahanahanatsaràna ny fifampitondràna sy ny fomba fandraisana fanapahan-kevitra**,
- Fivoizana ny demokrasia eny ifotony mba **hanamafisana ny fitompoan-draharaha mikasika ireo ny politika sy ny asa mifanaraka aminy**,
- Fanomezana **soso-kevitra sy tolo-kevitra** ho enti-mamatsy ny dingana fandraisana fanapahan-kevitra eny anivon'ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Ny iraka ankinina amin'ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha

Ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha eo amin'ny kaominina dia:

— Sehatra fifanakalozan-kevitra sy fifampidinihana ahafahan'ny mpisehatra rehetra ao amin'ny kaominina sy eny ifotony mandray anjara amin'ny fampandrosoana.

— Fitaovana ihany koa manampy amin'ny famaritana, fanomezana toro-làlana sy fomba fiasa enti-manatanteraka, manjohy ary manombana politikam-pampandrosoana tanterahan'ireo Vondrombahoam-Paritra Itsinjaram-pahefana.

Ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia *sehatra demokratika* ahafahan'ny olom-pirenena *mandray anjara feno* amin'ny fitantànana ny raharaham-bahoaka, ka ny *fangaraharahan'ny fandraisana fanapahan-kevitra* no teny filamatra tsy azo lavina ao anatin'izany.

Zava-dehibe ny andraikitry ny Rafitra ifotony fikaonan-doha satria mampiaina ny *kolontsain'ny fifanakalozan-kevitra* ny fisiany, manamafy ny *fifandraisana any ifotony* ary mampisy fifandrohizana amin'ireo asa ho tanterahana, manasongadina ny *tamberin'andraikitra* ihany koa ny fananana azy.

Fanamarihana

Ny fisian'ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia tsy tokony ho raisin'ireo tompon'andraikitra eny anivon'ny kaominina ho fampihenana ny fahefàna eo am-pelatanany, na ihany koa rafitra heverina fa mifanindry amin'ny andraikitry ny Filan-kevitra Kaominaly. Tsara ny manamafy fa ny RIF dia natao hisorohana ny fifanolanana misy, singanina amin'izany ny mety ho fahafahany mandravina ireny disadisa misy eo amin'ny Mpanatanteraka sy Mpanolo-tsaina ireny.

Mifanohitra amin'izay no tokony ho izy, satria ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia natao hanolo-kevitra, natao hisorohana ny fifanolanana, natao handravonana ny tombontsoa samihafa misy ao anatin'ny kaominina ho lasa tombontsoa mifameno sy iombonana. Amin'ny alàlan'lo rafitra io ny mpisehatra rehetra ao anatin'ny kaominina dia mahafantatra ny otrik'harena misy ary mahafehy tsara ny fomba hatao hampitomboana izany otrikarena izany ho an'ny tombontsoan'ny rehetra.

Ireo andraikitry ny Rafitra ifotony fikaonan-doha

Ny Rafitra ifotony fikaonan-doha dia manana andraikitra ho rafitra **fakan-kevitra, fanomezam-baovao, fandraisan'anjara** amin'ny dinika fanatanterahana ny asa eo anivon'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, fitondràna ny anjarany amin'ny **fandrindrana** ireo tohana eny ifotony sy ny fiaraha-miombon'antoka mitondra mankany amin'ny fampandrosoana ny lafitany.

Ao anatin'izay andraikitra tiany apetraka aminy izay dia marobe ireo zavatra azo apetraka ho anjara asan'ny Rafitra ifotony fikaonan-doha:

— Fandrindràna ny asa rehetra izao atao eo anivon'ny lafitany : marobe ireo sehatra sy lohahevitra azon'ny Rafitra ifotony fikaonan-doha atao : adi-hevitra momba ny firaisan-kina, fitadiavana loharanom-bola, lanjan'ny otrikarena eo antoerana, fiaraha-mitady mpiara miombon'antoka, fanatsarana ny asa eny anivon'ny kaominina ireo ohatra ny fampianarana, ny fahasalamana, ny rano fisotro madio, ny rafitra fitsinjaram-pahefana, eo amin'ny fiaraha-miasa amin'ny vahiny, azo iadian-kevitra avokoa ireo ao anatin'ny Rafitra ifotony fikaonan-doha. Maro samihafa ny lohahevitra (thématique) azony hiasàna

— Famondronana sy fandaminana ireo mpisehatra manodidina ireo zava-manahirana (préoccupations) amin'ny fampandrosoana.

— Fanamafisana ny firasankinan'ireo mpisehatra mba ahatongavana amin'ny fananana vinam-pampandrosoana iombonana (vision partagée) sy ny fanorenanana tolo-kevitra fanovàna (proposition de changement)

— Fampifandrohizana ireo mpiantsehatra (interventions) sy ny fanambarana (mutualisation des ressources/ moyens) ireo enti-manana ho amin'ny fampandrosoana ;

— Famantarana sy fanomezan-danja ireo otrikarena ao anatin'ny lafitany

— Famolavolana sy fanavaozana ireo drafi-pampandrosoana ny vondrombahoam-paritra itsinjaram-pahefana

Atao hoe **mandeha** na **mihodina** ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha iray raha manana:

- Drafitr'asa niarahana namolavola sy manatanteraka izany drafitr'asany izany.
- Fitsipika anaty ifampifehezana
- Rezisitry ny fitanana an-tsoratra na PV
- Voasoratra ao anatin'ny teti-bola kaominaly ny sora-bola mampandeha sy mampihodina azy.

Fanamarihana

— Tsy voatery ho sorabola goavana na midangana ny teti-bola fampandehanana ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha. Ny fandaniana dia ny fividianana ireo **kojakoja sy fitaovana** ilaina amin'ny fivoriana, ohatra : rezisitra, kahie, penina, markera, taratasy fotsy, emballage, lakaoly hametahana ny fitanana an-tsoratra rehefa atao peta-drindrina. Mety ilaina koa ny hanaovana sakafo iraisana na « pause-café », ny hanomezana solo-paladia ho an'ny mpivory araky izay zaka, sy arakaraka ny fifanarahana eo amin'ny kaominina tsirairay sy ny Mpikambana ao amin'ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha.

— Tsara ho marihana fa ny mpivory ao amin'ny Rafitra ifotony fikaonan-doha dia tsy voatery mandray solonandro na tambin-karama. Izay indrindra no maha-zava-dehibe ny fanentanana ataon'ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny kaominina sy eo anivon'ny Fokontany any amin'ny dingana fametrahana ny kolejy mba hampahazava mialoha ny foto-kevitra hijoroana ao amin'io rafitra io.


— Azo atao ihany koa ny manatanteraka ny Fivorian'ny RIF miaraka amin'ny fivoriana efa mahazatra eo anivon'ny kaominina, toa ny fivoriana mahazatra iarahan'ny Servisy Teknika Kaominaly, na ireo sefo fokontany sy ny Birao Mpanatanteraka, saingy asaina manatevina an'izany ireo mpikambana hafa ao amin'ny RIF. Tsy voatery hivory isam'bolana ny RIF na izany aza, fa ny zava-dehibe dia afaka mikaon-doha ny mpisehatra rehetra amin'ny fotoana manan-danja amin'ny fitantanana ny kaominina.

Ny fanetsehana ny Kolejy RIF

Ny fandrafetana ny Lamin'asa sy Teti-bola mampandray anjara ny ankolafin-kery samihafa dia manomboka eo amin'ny dinika hatao eo anivon'ny KOLEJY RIF (Collèges des SLC). Ny KOLEJY tsirairay no hamaritra ny sehatra hanaovany ny fandalinan-kevitra sy hamolavolàny ny soso-kevitra ho entina ho dinihina ao amin'ny fivorian'ny RIF. Fomba fiasa manokana vohizina amin'izany ny fanaovana ny TOMBANA an'ireo tolotr'asa sahanin'ny KAOMININA, ka mifanandrify amin'ny sehatra na Antom-pisiana hironan'ny KOLEJY no hisafidianany an'izany. *Ohatra ny Kolejy ivondronan'ny vehivavy dia afaka manombana ny Tolotr'asa ataon'ny KAOMININA momba ny fahasalamàna sy fanabeazana.*

Ny vokatry ny dinika ataon'ny KOLEJY no lasa akora sy laro ho dinihina eo anivon'ny fivorian'ny RIF na ny Noyau dur n'ny RIF.

Toa izao ny kisary maneho ny **rafitra mampihodina ny RIF** amin'ny ankapobeny :



4. NY BIRAO IFOTON'NY FANANAN-TANY (BIF)

Inona no atao hoe Birao Ifoton'ny Fananan-tany?

Ny Birao Ifoton'ny Fananan-tany dia sampan-draharaha tekinika eo anivon'ny kaominina, mikarakara ny:

— Fanomezana kara-tany
— Famindrana kara-tany (fifampivarotana, famindrana, fanaovana antoka…)
— Fikajiana sy fikirakirana ny anton-taratasin-tany



Birao Ifoton'ny Fananan-tany Kaominina Antotohazo

Ahoana ny fomba fananganana BIF?

Ny Ben'ny Tanàna na ny filankevitry ny kaominina no manolo-kevitra sy manapaka ny amin'ny hananganana ny BIF.

Fananganana ny BIF :

— Fanaovana fanadihadiana ny mampitombona na tsia ny hametrahana BIF eo amin'ilay Kaominina.
— Fanentanana sy fampahafantarana mahakasikany fanavaozana ny fitantanana ny fananan-tany eny ifotony.
— Fandraisana ireo mpiasa ao amin'ny BIF izay karamain'ny Kaominina.
— Fampiofanana arak'asa sy ara-teknika ireo mpiasa raikitra ao amin'ny BIF.
— Fanazavana ny fomba fiasa sy ny firafitra ary ny fametrahana ny komity mpitsirika.
— Fampitaovana ny BIF.

Fepetra ahafahana manokatra BIF :

- Ny fisian'ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra eo amin'ilay Kaominina.
- Fananana sary maneho ny satan'ny tany eo anivon'ny kaominina (PLOF).
- Fisian'ny fitaovana sy ireo kojakoja entina hampandehanana ny BIF.
- Fisian'ny komity mpitsirika ny fananan-tany.
- Fanoratana ny saran'ny fampandehanana ny BIF ao anatin'ny teti-bolan'ny kaominina.

Marihana fa eo anivon'ny Ministera misahana ny fananan-tany dia efa misy foibem-pitondrana, "Direction d'appui à la gestion foncière décentralisée" (DAGFD); natao isahana ny fanapariahana ny fintantanana ny fananan-tany. Ireo kaominina mikasa hanangana na ireo efa manana BIF araka izany dia tokony hiara hiasa akaiky amin'ny DAGFD.

Ny sary maneho ny satan'ny tany na « PLOF »

Ny sary maneho ny satan'ny tany dia sary mampiseho ny sarin'ny tany sy ny karazan'ny satan'ny tany misy amin'ny kaominina (tanim-panjakana, tanin' olon-tsotra, tany vita titra na tsia ...).

Ny ilana ny sary maneho ny satan'ny tany:

- Fitaovana hamaritana sy hanamarinana ny tany angatahina.
- Fitaovana maneho tsara ny satan'ny tany ao amin'ny kaominina.
- Fitaovana hifanakalozam-baovao eo amin'ny BIF sy ny Sampan-draharahan'ny fananan-tany.


Inona avy ireo karazana asa fototra sahanin'ny BIF?

- Mandray sy manome torolalana mikasika ny fahazoana kara-tany
- Manome kara-tany
- Mamindra ny kara-tany raha misy fifampivarotana, fanaovana antoka ...
- Manampy eo amin'ny fametrahana ny vaomieran'ny fitsirihana sy ny fomba fiasany
- Mikajy, mikarakara ary mitahiry ny antontan-taratasy rehetra mikasika ny fananan-tany (rejistra, chemises parcellaires, ny sary maneho ny satan'ny tany)
- Manampy eo amin'ny fandravonana disadisa.

Ny kara-tany

Ny kara-tany dia porofo fanamarinana zo fananan-tany:

- Afaka entina manamarina ny Zo fananan-tany
- Azo ampiasaina amin'izay mety ilana azy toy ny fanaovana famindrana, fandovana, fivarotana
- Azo atao antoka amin'ny fisamboram-bola
- Afaka entina miady amin'ny fanohintohinana ny fananana tany.



Sary kara-tany

Ireo dingana arahina amin'ny fahazoana kara-tany

Amin'ny ankapobeny dia miisa efatra ireo dingana arahina amin'ny fanomezana ny kara-tany:

- Fandraisana ny fangatahana kara-tany

Ny fangatahana dia atao eo amin'ny BIF, ny olona rehetra mizaka ny zom-pirenena malagasy feno 18 taona no afaka mametraka fangatahana kara-tany. Raha toa ka tsy ampy taona ilay mpangataka dia tsy maintsy soloin'ny Raiamandreny tena.

Azo atao amin'ny anaran'ny Fikambanana mijoro ara-dalàna ihany koa ny fangatahana.

Alohan'ny handraisana ny fangatahana dia tsy maintsy hamarinin'ny mpiasan'ny BIF ao amin'ny PLOF aloha ny satan'ny tany angatahina ; raha toa ka voamarina fa tsy tafiditra ao anaty tany efa misy titra na kadasitra ilay tany izay vao raisina ny fangatahana. Misy ny saram-pangatahana izay alohan'ny mpagataka ao amin'ny mpitam-bolan'ny Kaominina.

- Fampahafantarana ny besinimaro ny fangatahana

Aorian'ny fandraisana ny fangatahana dia tsy maintsy ampahafantarina ny besinimaro ilay fangatahana. Izany fampahafantarana izany dia atao amin'ny alalàn'nyafisy eo amin'ny Kaominina sy any amin'ny Fokontany misy ilay tany mandritra ny 15 andro alohan'ny fitsirihana ary mandritra ny 15 andro aorian'ny fitsirihana.

- Fitsirihina sy fanamarinana ny tany

Rehefa tapitra ny 15 andro nanaovana ny fampahafantarana ny fangatahana dia azo ataony fitsirihana ifotony hanamarinana ny tany angatahana eny an-toerana. Ny fiantsoana ny olonarehetra tokony hanatrika ny fitsirihana dia tokony ho azony 8 andro mialohan'ny fitsirihana.

Mandritry ny fitsirihana dia atao ny :

- fanamarinana ao anatin'ny PLOF ny faritry ny tany angatahana,
- fanamarinana raha toa ka misy fanajariana na fanamaintisamolaly tokoa teo amin'ilay tany,
- fintanana an-tsoratra ny fizotry ny fitsirihana,
- famenoana ny taratasy fanamarinam-pahatongavana ho an'izay rehetra nanatrika ny fitsirihanaizay ampiarahana amin'ny fitanana an-tsoratra.

Marihana fa ny Komity mpitsirika dia ahitana ny :

- ny Ben'ny tanàna na ny solon-tenany,
- ny Sefo fokontany ao amin'ilay fokontany misy ilay tany angatahina na ny solon-tenany,
- Raiamandreny miisa 2 eo an-tanàna izay nofidian'ny fokonolona hisolo tena azy.

Ny mpiasan'ny BIF kosa dia miandraikitra ny fintanana an-tsoratra mandritra ny fitsirihana.

Raha misy tsy fahafahan'ny iray amin'ireo komity mpitsirika dia tsy azo atao ny fitsirihana fa tsy maintsy ahemotra. Ny tsy fahatogavan'ny mpifanila kosa dia tsy sakana amin'ny fanantotosana ny fitsirihana raha taoa ka nahazo fiantsoana araka ny tokony ho izy izy.

Fanamboarana sy fanomezana kara-tany

15 andro aorian'ny fitsirihana dia azo atao ny mamoaka ny kara-tany raha toa ka tsy nisy fanohanana. Ny tokony atao amin'izany dia :

- Fandoavana ireo sarany rehetra mifandraika amin'ny vidin'ny kara-tany.
- Mamaritra ao anatin'ny PLOF ny tany nangatahana sy nankatoaviana.
- Mameno ny rejistry ny tany anomezana ny kara-tany "chemise parcellaire"
- Mameno ny kara-tany (nomeraon'ny kara-tany, sary ampahany ao amin'ny sari-tany)
- Mampanao sonia ny kara-tany ny Ben'ny tanàna.
- Mamoaka ny kara-tany ny tompon'ny tany.

Raha toa ka misy fanohanana ny fangatahana kara-tany?

Mandritra ny fotoana ampahafantarana ny besinimaro ny fangatahana kara-tany dia mety misy ny olona hametraka fanohanana izany fangatahana izany. Azo raisina foana ny fanohanana na natao am-bava na natao an-tsoratra.

Raha toa ka voaray mialohan'ny hanaovana nyfitsirihana ifotony ny fanohanana dia hasaina hanatrika ny fitsirihana ifotony ilay Mpanohana. Mandritra ny fitsirihana ifotony dia miezaka mandamina sy manelanelana ny Mpanohana sy ny Mpangataka ireo Komity mpitsirika. Raha toa ka miravona ny raharaha dia azo tohizana ny dingana famoahana kara-tany; raha toa kosa ka tsy nisy ny marimaritra iraisana dia ampiakarina eo anivon'ny Mpanolontsainan'ny tanàna ny raharaha.

Rehefa tsy voavaha nandritra ny fitsirihana ifotony ny raharaha na ihany koa nisy nametraka fanohanana taorian'ny fitsirihana ifotony dia miakatra eo anivon'ny Mpanolontsainan'ny tanàna.

Eto ny Mpanolontsainan'ny tanàna dia manao fitsarana ny raharaha, izany hoe tsy maintsy mamoaka didy izy aorin'ny fihainoana ny andaniny sy ny ankilany sy ny mety fanadihadiana nataony. Raha toa ka ny Mpanohana ny mahazo rariny, izany hoe mitombina ny fanohanana dia midika izay fa tsy azo tohizana ny famoahana ny kara-tany. Raha toa ka ny Mpangataka ny mahazo rariny, izany hoe tsy mitombina ny fanohanana dia midika izay fa azo tohizana ny famoahana ny kara-tany.

Manana roapolo (20) andro aorian'ny fampahafanatarana io didy navoakan'ny Mpanolontsaina io izay tsy nahazo rariny hampiakatra ny raharaha indray eny anivon'ny Fitsarana.

Raha toa ka tsy nisy fampakarana ny raharaha eny anivon'ny Fitsarana tao anatin'ilay roapolo (20) andro dia mijanona amin'ny didy izay navoakan'ny Mpanolontsaina. Raha toa kosa ka nisy ny fampakarana ny raharaha eny anivon'ny Fitsarana tao anatin'ilay roapolo (20) andro dia tsy maintsy andrasana indray ny didim-pitsarana.

Ireo andraikitra ankapobe sahanina ao amin'ny BIF

Mpiasan'ny BIF :

- Manetsika sy manentana ny mponina hanao kara-tany
- Mandray ny fangatahana kara-tany
- Manamarina ny tany angatahina
- Manoratra sy manao ny firaketana rehetra mikasika ny fangatahana sy ny kara-tany.
- Mampahafantatra ny besinimaro ny fangatahana sy mandray ny fanohanana
- Mandamina sy mandray anjara amin'ny asa fitsirihana.
- Manao ny tatitry ny fizotran'ny asa rehetra.
- Misokajy sy mitahiry ireo antonta-taratasin'ny tany
- Mameno sy mamoaka ny kara-tany.

Komity mpitsirika ifotony :

- Manamarina ny zo fizakana ny tany eny ifotony.
- Manome ny heviny mikasika ny fitsirihana natao;
- Manao fanelanelanana sy mandravona ny disadisa mitranga.
- Manamarina sy manao sonia ny tatitry ny vokatry ny fitsirihina.
- Mihaino sy mandravina ireo zava-boalaza rehetra mandritra ny fitsirihana.

Ben'ny tanàna :

- Mamoaka fanapahana mikasika ny fitsirihana ifotony sy fampahafantarana.
- Manao sonia ny fampandehanan-draharaha rehetra.
- Manara-maso ny mpiasan'ny BIF, ny fandehan'ny asa amin'ny ankapobeny ary ny fitantanana ny fananan-tany eo anivon'ny kaominina.
- Mitahiry sy mampiasa ny fitomboka voatokana ho an'ny kara-tany (cachet sec).
- Miantoka ny fahamarinan'ny kara-tany.

Mpitahiry volan'ny Kaominina :

- Mandray ny saran'ny fangatahana kara-tany sy manome ny rosia na « quittance » nandoavana azy.
- Mitana an-tsoratra ny fidiram-bola anaty kahie fanarahamason'ny BIF.

Inona no tokony ataon'ireo Kaominina tsy manana BIF

Mbola maro ireo kaominina tsy manana BIF eto Madagasikara. Maro ireo antony tsy ahafahan'ny Kaominina manangàna ny BIF, fa ireto antony roa ireto no tena lehibe:

— Tsy fisian'ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra eo amin'ilay Kaominina, izany hoe tsy misy intsony ireo tany azo amoahana kara-tany fa mety tany efa vita titra na vita kadasitra no betsaka eo amin'ny Kaominina.

— Tsy fananan'ny Kaominia enti-manana hananganana ny BIF.

Araka izany any amin'ny Kaominina tsy manana BIF dia tsy maintsy fanoratana tany na famindrana tany avy amin'ny Titra na bokin-tany ihany no hitranga.

Ankilan'izay anefa ny lalàna 2006-031 tamin'ny 24 novambra 2006 no ny fitondrana araka ny lalàna ny fitompoan'olon-tsotra ny tany tsy vita titra.

Ao amin'ny andininy faha 26 dia misy fepetra tetezamita ho an'ireo Kaominina tsy manana BIF.

"Mandra-pametrahana ny Sampam-pitondran-draharaha ao amin'ny Vondrombahoaka fototra miandraikitra ny fitantanana ny fitompoan' olon-tsotra ny tany tsy vita titra, ny Sampan-draharaha anapariaham-pahefana ao amin'ny Fanjakana, ankoatra ireo fari-pahefany momba ny lalàna iombonana mikasika ny fizakan-tany sy fananan-tany, dia miantoka ny fitantanana ireo sombin-tany araka ny fepetra voalazan'ity lalàna ity sy ny an'ny mikasika ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana fototra".

Raha azavaina tsotsotra io andininy io dia azon'ny Kaominina atao ny mamoaka kara-tany na dia tsy manana BIF aza izy fa kosa tsy maintsy miara-miasa amin'ny Sampandraharahan'ny fananan-tany izy. Anjaran'ny Mpitondra ny tanàna araka izany ny mikaroka sy mitady ny fomba hametrahana io fiaraha-miasa amin'ny Sampandraharahanan'ny fananan-tany io raha toa ka misy tany tokony homena kara-tany ao amin'ny Kaominina misy azy.



Tantsaha mandray karatany

Loha-hevitra toa ny inona no azon'ny RIF dinihina momba ny fanatsarana ny Tolotra omen'ny BIF?

Amin'ny maha fitantanana ifotony ny fananan-tany eny amin'ny Kaominina dia heverina fa manana andraikitra lehibe amin'ny fampivelarana sy fampivoarana izany ny RIF.

Ny RIF ohatra dia sehatra iray ahafahana manao ny :

— Fizohiana ny kalitaon'ny Tolotry omen'ny BIF, ny fisian'ny fanjohiana sy ny tombana amin'ny tolotra dia entina hitondrana fanatsarana hatrany izany tolotra izany.

— Mandinika ireo loharanom-bola hampiodinana ny BIF, amin'ny maha rafitra eny ifotony azy, izay sehatra ahalalana ny zava-misy eny ifotony kokoa dia tombony lehibe ny fisian'ny RIF. Ny RIF dia afaka manampy

hamaritra ireo mety ho fampidiram-bola na fandaniam-bola mety ho ilaina hampiodinana ny BIF. Azo dinihana eo amin'ny RIF ohatra ny fanombanana ny mety ho atao vola alohan'ny olona iray rehefa hiroso amin'ny fanaovana kara-tany, ny fandinihana ireo mety ho loharanom-bola hafa afaka ampidirin'ny BIF, ny fanombanana ireo fandaniana mety ilaina sy mifanaraka amin'ny fampiodinana ireo asa atao eo anivon'ny BIF.

— Fandaminana ny disadisa eo amin'ny fampiasàna ny tany. Amin'ny maha raharaha eny ifotony ny fananan-tany dia tombony lehibe ny fisian'ny RIF amin'ny fotoana mety hisian'ny fifanolanana na disadisa amin'ny resaka fananan-tany eny amin'ny Kaominina. Afaka manampy ireo rafitra Mpanelanelana sy Fitsarana ny RIF amin'ny alalan'ny fakàn-kevitra sy fikaonan-doha.
— Fanentanana ireo mponina eny ifotony mba hanoratra ny taniny. Manampy betsaka ny Kaominina ny fisian'ny RIF amin'ny fanentanana ny mponina mba hiroso amin'ny fanoratana tany na fangatahana karatany.
— Famolavolana sy femetrahana vina momban'ny fandaminana ny fampiasàna ny tany eny amin'ny Kaominina.

4. HETRA-TANY (IMPOT FONCIER SUR LES TERRAINS) SY NY HETRA-TRANO (IMPOT FONCIER SUR LA PROPRIETE BATIE)

Inona no tokony atao ho fanatsarana ny Hetra-tany (Impot foncier sur les terrains) sy ny Hetra-trano (Impot foncier sur les propriétés bâties) ?

Mba ahafahana manatsara ny fitakiana ny hetra-tany sy ny hetra trano dia tsara raha manana atontan-kevitra feno mahakasika ny tany sy ny trano ny Kaominina.

Fomba iray ahafahana manana izany antontan-kevitra izany ny fanaovana fanisana ny tany na ny recensement parcellaire.

Tsy maintsy fantariny avokoa ireo tompon'ny tany misy ao amin'ny kaominina satria izy ireo no mandoa izany amin'ny maha hetra mivantana azy. Tsy ny tany vita titra sy karatany ihany no voakasika fa ny tany rehetra afa-tsy ny tanim-panjakana sy ny tanin'ny rafitra misata fanjakana izay tsy mandoa hetra izy ireo. Noho izany dia tsy maintsy manao fanisana ny tompon'ny tany ny Kaominina.

Amin'izany fanisana izany dia mila fantarina ny isa sy refin'ilay tany ary ny zavatra misy eo amboniny satria avy amin'ny alalan'izay no hamaritana ny tombambidin-ketra. Marihana fa ny fitakiana hetra mahomby dia mifototra amin'ny fanatanterahana tanteraka ny fanisana manerana ny Kaominina, satria raha misy ampahan'olona tsy mandoa hetra vokatry ny faharatsian'ny fanisana dia hitarika ny ankamaroan'ny olona tsy handoa hetra izany.

Manana tahotra sy fahalainana amin'ny fandoavan-ketra ny ankamaroan'ny olom-pirenena ka izany no anisan'ny antony goavana tsy dia maharisika loatra ny mpitantana ny Kaominina hiroso amin'ny fanatanterahana azy ity. Nefa raha dinihina dia io no anisan'ny loharanom-bola azo antoka sy haharitra indrindra eo anivon'ny Kaominina, ary tsapa izany any amin'ny firenena mandroso.

Mila taizàna tsikelikely hiditra amin'ny fandraisana anjara amin'ny fitantanana ny raharaham-bahoaka ny olom-pirenena tsirairay, izay amin'ny alalan'ny fandoavan-ketra no anisan'ny hanehoany izany fa tsy ny fifidianana fotsiny ihany.

Ankoatra ny fananana atontakevitra mahakasika ny tany sy ny trano, ny fanaovana fanisana tany dia manampy betsaka ihany koa amin'ny fandaminana ny fananan-tany sy ny fampiasana ny tany. Fantatra avokoa ireo tany misy mampiasa sy ireo tany mipetraka fotsiny, fantatra ihany koa ny mombamomba ireo olona mampiasa ny tany ary indrindra indrindra fantatra avokoa ireo karazana sata-tany misy eo amin'ny Kaominina.

Hoan'ny Kaominina manana BIF, mampahomby ny fitakiana ny hetra-tany sy ny hetra-trano ihany koa ny fanamorana ny fananan-tanin'olona. Mazoto mandoa hetra kokoa ny olona raha manana taratasy ara-dalàna fanamarinana fananan-tany na Kara-tany izy.

Azo atao araka izany ohatrany fanentanana ny olona mba hanoratra ny taniny ao amin'ny Kaominina (manao kara-tany), hamoraina ny vola alohany amin'izany na atao maimaipaona mihitsy fa ny hetra no tsy maintsy alohany aorina.

Ny antony hanatsarana ny fampidiram-bola?

Ilaina ny ananan'ny Kaominina tsirairay loharanom-bola matanjaka ho:

- Fiantohana ny fampandehanan-draharaha ;
- Fiantohana ny fanaovana fotodrafitrasa,
- Fanamoràna ny fanatanterahana ny vinam- pampandrosoana sy ny tetibola mifanaraka amin'izany.

Inona avy ireo fepetra mety hampahomby ny fampidiran-ketra?

- Ny fahavononan'ny mpitondra
- Ny fahaiza-mandrindra ireo hetsika mba hifanaraka tsara amin'ny fomba fiainana sy ny toe-tsaina eo anivon'ny Kaominina : atao mifanandrify amin'ny vanim-potoana ananan'ny ankamaroan'ny mponina vola ny hetsika fanangonan-ketra
- Ny fananana paikady
- Ny fahaiza-manentana ny mponina
- Ny fampiharana ny mangarahara sy ny fanaovana tamberin'andraikitra : miantoka ny fahatokisan'ny mpandoa hetra ka hampazoto azy hanohy hatrany ny fanefana ny adidiny.

Inona no andraikitra sahanin'ny RIF eo anatrehan'ny fanangonana ny hetra-tany sy hetra-trano

Araka ny fanazavana etsy ambony, ny hetra-tany sy ny hetra-trano dia hetra mivantana izay an'ny Kaominina manontolo.

Ankoatra ny fanentanana atao amin'ireo Mponina mba hanao ny adidiny amin'ny fandoavan-ketra, ny RIF dia afaka manampy ny Kaominina eo amin'ny :

- Famolavolana ireo paikady entina mampahomby ny fitakiana sy ny fanetsehana ny hetra
- Famolavolana ireo saran'ny hetra tokony ho takiana sy ny vanim-potoana mampety izany
- Fitakiana hetra amin'ny alalan'ny fanentanana, fikaonan-doha na fitaizana ny olona handoha hetra.

Marisika kokoa ny olona andoha hetra raha mazava sy mangarahara ny fomba fitantanana ao amin'ny Kaominina. Ny fisian'ny RIF izay rafitra iray ivondronan'olona sy sehatra samy hafa dia antoka iray lehibe hisian'izany mangarahara izany.

5. NY FANANAN-TANY SY NY FITRANDRAHANA HARENA AN-KIBON'NY TANY

Famaritana ny atao hoe harena an-kibon'ny tany

Misy karazana roa lehibe ny harena an-kibon'ny tany:

- Ny akora atao hoe "mine" (harena an-kibon'ny tany mahazatra), izay tantanin'ny ministera misahana ny harena an-kibon'ny tany
- Ny akora izay anorenana (vato, fasika, tanimena…), tantanin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana.



Fitrandrahana harena an-kibon'ny tany

Iza no tompon'ny harena an-kibon'ny tany?

Araka ny lalàna dia ny Fanjakana na ny Firenena no tompon'ny harena an-kibon'ny tany.

Amin'ny maha harem-pirenena ny harena an-kibon'ny tany, dia tsy maintsy mangataka alalana mazava (permis ou autorisation) avy amin'ny Ministera misahana ny harena an-kibon'ny tany ny olona izay vo mahazo mitrandraka.

Tsy misy olona afaka mitrandraka, harena an-kibon'ny tany raha tsy nahazo alalana avy amin'ny manam-pahefana.

Ny zon'ny olona eo amin'ny tany rehefa misy harena an-kibon'ny tany ao ambaniny

Ny zon'ny tompon'ny tany:

Araka ny lalàna mifehy ny harena an-kibon'ny tany, dia tsy voatery ho ilay olona manana bokin-tany ihany no azo antsoina hoe tompon'ny tany fa eo koa ny tompon-tany ara-pomban-drazana (occupant traditionnel). Azo lazaina ho tompon'ny tany koa ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana.

Raha misy olona manana “permis minier” avy amin’ny Ministera, ahoana ny zon’ ny olona mipetraka eo amin’ny tany?

— Alohan’ny hanombohan’ny fitrandrahana dia andraikitry ny nahazo ny fahazoan-dalana ny mampahafantatra sy ny mifanaraka amin’ny tompon’ny tany na ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana (manao “contrat de bail”).
— Tsy maintsy mampahafantatra izy hoe: hiasa eo.
— Ny tompon’ny tany dia tsy maintsy mahazo onitra sy fisandàna nohon’ny fahasimban’ny taniny.

Ny zon’ny mpitrandraka:

Rehefa manana fahazoan-dalana ny mpitrandraka iray dia zony ny hiasa eo amin’ny tany nahazoany alalana.

Ireo olana matetika mitranga

Matetika dia mieritreritra ny tompon’ ny tany fa azy ihany koa ny ao ambanin’ny tany. Nefa araka ny lalàna dia ny Fanjakana no tompon’ny harena an-kibon’ny tany.

Ny olona nahazo alalana hitrandraka ny harena an-kibon’ny tany matetika dia tsy mifampiraharaha amin’ny olona eo amin’ny tany, fa mieritreritra izy fa zony tanteraka ny miditra eo amin’ny faritra na tsy mifandraharaha ary. Tsy mety anefa izany, fa tokony hiresaka ary hanao fifanarahana an-tsoratra amin’ny tompon’ny tany izy.

Raha misy kosa anefa ny tsy fifanarahana amin’ny roa tonta dia ny kaomitim-paritra (comité regional) na ny kaomity nasionaly (comité national) no mpanelanelana. Izy ireo dia comité “paritaire”, izany hoe:ny antsasany avy amin’ny fitondram-pahefana ary ny antsasany dia ireo mpitrandraka (mpandraharaha ao anatin’ny harena ankibon’ny tany). Miezaka manelanelana ny mpitrandraka sy ny tompon’ny tany (à l’amiable). Rehefa tsy vita amin’io dia entina eny amin’ny fitsarana.

Momba ny fitrandrahana

Ireo karazana fahazoan-dalana:

Ny tompon’ny any ambanin’ny tany dia ny Fanjakana, nefa kosa ny olon-drehetra dia afaka mangataka ny hitrandraka sy hivarotra azy rehefa manaraka ny fepetra ara-dalàna.

Ireto avy ny fahazoan-dalana misy mahakasika ny fitrandrahana harena an-kibon’ny tany:

— Ny “**AERP**” (Autorisations Exclusives de Réservation de Périmètres), telo (3) volana tsy azo havaozina ny fetra hanatanterahana azy.
— Ny “**PRE**” (Permis Réservés aux petits Exploitants), voatokana ho an’ny mpitrandraka madinika ary natokana ho an’ny teratany Malagasy. Valo (8) volana azo havaozina indray mandeha na im-betsaka ho an’ny efatra (4) taona tsirairay avy no fetra hanatanterahana azy.
— Fahazoan-dalana “**R**” (Recherche), dimy (5) taona azo havaozina in-droa, ka roa (2) taona avy ny fetran’ny fanavaozana amin’izany.
— Fahazoan-dalana “**E**” (Exploitation) avy amin’ny alalan’ny fizahan-taratra, fikarohana sy fitrandrahana ny akora nahazoana ny “PE” ary efapolo (40) taona azo havaozina indray mandeha na im-betsaka, ka roapolo (20) taona ny fetran’ny fanavaozana.

Andraikitry ny mpitrandraka alohan'ny hanombohan'ny asa

Alohan' ny hanombohana ny asa, ny tompon'ny fahazoan-dalana dia tsy maintsy:

- Mampahafantatra ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana
- Manantona ny ben'ny Tanana voakasika, mametraka ny dika ny kara-panondro, ny fahazoan-dàlana mitrandraka ny harena an-kibon'ny tany sy ny fahazoan-dàlana avy amin'ny tompon'andraikitry ny tontolo iainana
- Mampahafantatra ny tompon'ny tany, ny mpandova ary ny olona teo hatramin'izay. Mifanaraka amin'ny tompon'ny tany (manao "contrat de bail").

Zon'ny tompon'ny tany sy ny vondrom-bahoka itsinjaram-pahefana ny mangataka amin'ny mpitrandraka ny taratasy fahazoany alalana.

Ny fepetra tsy maintsy arahina

Misy lalàna maro mametraka fepetra mazava momba ny fitrandrahana akora, toy ny fasimainty izay ahitana singa manapotika ny aina sy ny tontolo iainana toy ny :

- Fananana bokin'andraikitra na « cahier de charge » alohan'ny fitrandrahana.
- Fananana taratasy fahazoana alalana hitrandraka na « permis d'exploitation »
- Fanaovana ny fanadihadiana ara-tontolo iainana na « EIE » (na dia nomena alalana aza ilay olona dia tsy mahazo mitrandraka izy raha tsy nahavita io fanadihadiana io)
- Fananana fitaovana mifono vy hanatobiana na hitaterana ny vokatra.
- Fanaovan-dalana manokana handalovan'ny fiara fitaterana ireny akora ireny, izay tsy maintsy miala ny toerana misy olona.
- Fampitaovana ny mpiasa fitafiana fiarovana toy ny "gants, masque, casque, sns".

Voarakitra ao anatin'ny fanadihadiana ara-tontolo iainana (Etude d'Impact Environnementale) ny fomba hamerenana izay zavatra rehetra ho simbainy ao, ny fomba ahafahana mamerina amin'ny laoniny ary ny fanatsarana ny zavatra nilaozany.

Amin'ny alalan'ity fanadihadiana ity koa no ahafahana mamaritra ny tokony hisandàna ny tompon'ny tany.

Tokony manonitra ny fahasimbana miantraika amin'ny voahary izy sy manolo ny harena izay nalainy sy potehiny tamin'ny harena azo avaozina. Ny fanapotehana izay hitranga amin'ny tontolo voajanahary noho ny asan'ny fitrandrahana dia voateny matetika.

Nisy ny fanadihadiana natao mikasika ny tontolo iainana, izay manolotra fepetra ho an'ny mpampiasa vola, hanomezan'izy ireo toky na eo amin'ny fiarovana ny biby sy ny zavamaniry tsy dia fahita firy, na ny tontolo andranomasina. Miverina amin'ny olompirenena, amin'ny alalan'ny fiarahamonim-pirenena, ny mampahatsiahy ny andraikitr'izy ireo amin'ny mpampiasa vola sy amin'ny Fanjakana. Raha tsy izany, ny Fanjakana tan-dalàna dia ho fanaronana ny fampananankarena olom-bitsy sy ny fahapotehan'ny firenena.

Ny andraikitry ny mpitrandraka mandritra ary aorian'ny asa

Ny olona manana ny fahazoan-dalana dia tsy maintsy mikolokolo ny firaisa-monina miaraka amin'ny mponina ao an-toerana sy ny tompon'ny tany. Alohan'ny asa rehetra anefa dia tsy maintsy vitain'ny mpangataka fahazoan-dalana ny fifanarahana amin'izy ireo.

Tompon'andraikitra voalohany amin'ny toerana nahazoany fanomezan-dalana ny mpitrandraka. Raha sendra misy olana dia izy no maka ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana mba hirosoan'ny tompon'andraikitry ny filaminana.

Rehefa vita ny fitrandrahana dia tokony haveriny mitovy amin'ny teo aloha ilay tany avy notrandrahany, na hatsarainy.

Fanavaozana fahazahoan-dalana

Tokony ho havaozina ny fahazoan-dalana raha toa ka nahitàna akora hafa amin'ilay tany nefa tsy voalaza ao amiin'ny fahazoan-dalana ampelatanana. Na koa mangataka ny atao hoe : "extension de la substance".

Andraikitry ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana

Amin'ny rafitra maha akaiky ny vahoaka azy dia manana andraikitra amin'ny fanaraha-maso sy ny fampiharana ho fanajàna ny lalàna izy. Manara-maso hoe: iza marina ilay olona mpitrandraka, inona no ataony, tanterahiny ve ny fifanarahana ara-tontolo iainana, manara-maso ny akora mivoaka eo aminy. Raha mahatsikaritra fa misy zavatra tsy ara-dalàna izy, dia afaka mametra izany.

Tombotsoan' ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana

Ankoatra ny andraikitra sahaniny eo amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany dia mampidi-bola aminy koa ny fitrandrahana. Eo ny fandoavan' ireo orin'asa mpitrandraka haba, na dia mbola tsy manomboka aza ny fitrandrahana fa eo amin'ny dingan'ny fikarohana.

Rehefa mamoaka vokatra koa ny orin'asa dia tsy maintsy misy ampahany miverina amin'ny "Commune" antsoina hoe: tamberim-bidiny na "redevance" (2% amin'ny vidin'ny akora).

Izany no mahatonga azy hanara-maso sy hitantana ny habetsaky ny akora mivoaka eo aminy satria miankina amin'io ny ahafantarany ny vola miverina aminy.

Ny Tombony amin'ny fananan'ny kaominina iray RIF eo anatrehan'izany?

Amin'ny maha rafitra hikaonan-doha azy dia hanampy betsaka ny kaominina ny fisian'ny RIF eo amin'ity lafiny harena an-kibon'ny tany ity.

Ny fanazavana etsy ambony dia milaza fa misy ireo harena an-kibon'ny tany izay ny Kaominina no miandraikitra azy mivantana, misy ireo andraikitra lehibe izay iantsorohan'ny Kaominina amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany.

Ny RIF araka izany dia sehatra iray:

— handinihana ireo harena an-kibon'ny tany misy ao amin'ny Kaominina
— hikaonan-doha rehefa misy fanapahan-kevitra horaisin'ny kaominina manolona ny mety hisian'ny fitrandrahana.
— hahafahan'ireo eny ifotony maneho ny hevitra amin'ny fotoana hisian'ny fanadihadiana sy fanombanana ara-tontolo iainana sy ara-tsosialy mialohan'ny mety ho fisiana fitrandrahana harena an-kibon'ny tany goavana.
— Handaminana ny mety ho fisian'ny fifanolanana eo amin'ny tompon-tany sy ny mpitrandraka.

6. NY TOKONY ATAON'IREO MPITANTANA ENY IFOTONY MBA HIAROVANA NY ZON'NY MPONINA EO AMIN'NY FANANAN-TANY

Zavatra telo loha no tokony ataon'ny mpitantana eny ifotony mba hisorohana ny fibodoana tany sy ny adi-tany:

— Mila fantarina avokoa ireo olona rehetra manana tany sy ny tany ampiasainy,
— Mila fantarina ihany koa inona avy ny ampiasàna ny tany sy ny vinavina hampiasana azy,
— Ary ny fahatelo farany dia mila ampahafantarina ny antana-tohatra rehetra ireo antotam-baovao ireo mba hisorohana ny fanapahan-kevitra eny ambony latabatra tsy mitsinjo ny zava-misy eny ifotony.

Fanehoana an-tsary ny fanisana ny olona sy ny tany ampiasainy ao anatin'ny kaominina:

Ny andininy faha 4 ao amin'ny Lalàna laharana 2006-031 tamin'ny 24/11/2006 dia manambara mazava tsara fa andraikitry ny Kaominina ny mametraka ny PLOF ao aminy. Ampian'ny sampan-draharan'ny fandrefesan-tany izy amin'ny famolavolana io PLOF io. Marihana fa tsy ny tany vita titra sy ny tanim-panjakana tsy azo amidy (domaine public) ihany no tokony haseho ao anatin'io PLOF io fa ireo tany izay hananan'ny kaominina fahefana rehetra.

Noho izany tsy tokony hiandry ny tany efa vita kara-tany vao alefa ao anaty PLOF fa eny ampiandohàna dia tokony efa isaina avokoa ireo tanin'olon-tsotra tsy vita titra.

Marihana fa ny lalàna dia tsy nanery amin'ny karazan'ny sari-tany ampiasaina. Amin'izao fotoana izao dia efa mandroso ny teknolojia ka na ny sary azo alaina maimaim-poana ao anatin'ny solo-saina sy « Google Earth » aza dia azo ampiasaina tsara hamolavolana izany miaraka amin'ny mponina. Ny fokonolona no mamaritra eo ambonin'ny saritany ny sombin-tanin'ny tsirairay avy. Asiana laharana tsirairay avy ireny sombin -tany ireny mba hampifandrindra azy amin'ny listr'ireo mpanan-tany. Rehefa vita io sari-tany io dia hamarinina amin'ny sari-tany eny amin'ny sampan-draharan'ny fananantany mba tsy hifanitsaka amin'ny sata-tany hafa.

Rehafa vita ireo dingana ireo dia mahazo ny PLOF izay feno satria hita ao daholo ny olona rehetra sy ny sata tany rehetra misy ao amin'ny Kaominina, indrindra fa ireo mbola tsy manana titra sy kara-tany satria izy ireo no tena iharan'ny tsindry hazo lena matetika manoloana ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany. Ireto farany dia tsy misy atontan-kevitra manambara ny fisiany koa lasa alaim-panahy ireo olona mitantana ny fananantany fa mbola « libre » na malalaka tsy misy tompony ilay toerana.

Famolavolana sari-tany izay maneho ny fitsinjaran'ny fampiasana ny tany amin'ny ankehitriny sy ny ho avy

Fenehoana ny ankehitriny eo ambon'ny sari-tany - Eo anivon'ny Kaominina rehetra manerana ny Nosy dia efa voatsinjara avokoa ny fampiasana ny tany: toerana fonenana, ny toerana misy ny tsena, ny faritra fambolena, ny faritra fiompina (kijanan'omby), ny toerana misy ny biraom -panjakana, ny toerana fambolen-kazo sy fiarovana ny tontolo iainana, ny faritra fanajana sy fanaovana ny fomba-drazana, ny toerana misy ny fasana, sns. Tsy voambara amin'ny alalan'ny sarin-tany anefa izy ireny mba ho fantatry ny rehetra indrindra fa ireo mpitrandraka harena ankibon'ny tany na ireo mampiasa vola mila tany fa saritany hafa ny eo ambanin'ny masony ka mazana diso ny fanapahan-kevitra raisiny. Noho izany dia mila atao an-tsary ireo fomba fampiasan'ny mponina ny tany eny anivon'ny Kaominina tsirairay avy. Tsy dia sarotra ny mamolavola io sarin-tany maneho ny fampisana ny tany io eny anivon'ny Kaominina: maka sarin-tany avy amin'ny alalan'ny « Google earth » ny Kaominina dia eo amboniny no hamaritana ireo fomba ampiasana ny tany. Ny sarin-tany azo avy amin'ny « Google earth » dia mandrakitra an-tsary ny zava-misy marina ao amin'ilay faritra jerena koa rehefa avoaka antaratasy izy io dia mora vakian'ny fokonolona satria hita eo ny tranony sy ny arabe.

Ny Ben'ny tanàna dia manana tombotsoa ny hanangona ny antontam-baovao eny anivon'ny sampan-draharaha isan-tsokajiny mba hamenoana ny sarin-tany milaza ny fampiasana amin'izao fotoana: eo anivon'ny biraon'ny « Cadastre minier » maka ny isan'ny « carré minier » ao anatin'ny Kaomininy, eny amin'ny Minsiteran'ny Tontolo iainana maka ny antotam-baovao mahakasika ny faritry ny alam-panjakana rehetra misy ao anatin'ny Kaomininy, sns. Atao an-tsary avokoa izy ireny mba ho fanta-bahoaka sy hisorohana ny olana.

Fanehoana ny ho avy eo ambonin'ny sari-tany - Rehefa vita ny famaritana eo ambonin'ny sari-tany ny famarimparitana ny fomba fampiasana ny tany dia mila manao fandinihana ny amin'ny ho avy amin'ny fampiasana ny tany ary mandrakitra izany eo abonin'ny sari -tany.

Ny fanotaniana hilam-baliny sy adika sari-tany izay valin-teny mahafa-po ara-teknika sy ara-tsosialy dia ireto avy amin'ny ankapobeny: ampy ve ny toerana ilain'ny sehatra tsirairay avymihoatran'ny filan'ny mponina sy ny fitombony? Ahoana ny andrindrana ny filana tany rehetra mba tsy hifanosika fa hifameno?

Fanakambanana an-tsary ny fomba fampiasana ny tany ny amin'ny ankehitriny sy ny ho avy: Mila aseho an-tsary miaraka ireo mba hananana fijery indray mitopy maso ny fomba fampiasana ny tany ao anatin'ny kaominina. Rehefa vita izany dia mila mamolavolany tsipika fanajariana izay nakatoavina eo anivon'ny filankevitry ny Kaominina mba hanankery sy hihatra ao amin'ny alalan'ny fanapahana.

Fampahafantarana ny rehetra ireo sari-tany sy antotam-baovao mahakasika ny zo fitopoana sy ny fampiasana ny tany ao anatin'ny Kaominina

Mila manao atrikasa miaraka amin'ireo antanantoham-pahefana sy ireo solon-tenan'ny sehatra rehetra mba hamapafantantra ny drafi-panajariana sy ny PLOF ao anatin'ny Kaominina. Ny fahafantaran'ny rehetra izany dia efa dingana lehibe amin'ny fiarovana ny zon'ny mponina ao anatin'ny Kaominina amin'ny fananantany no sady fanohitra ho amin'ny fampandrosoana ny Kaominina raha toa ka hampiharina amin'ny antsakany sy andavany.

Mila atao an-tsoratra ny fampahafantarana ireo sari-tany maneho ny fanisana ny sombin-tany izay efa fananan'ny olona ao amin'ny kaominina sy ireo fizarazarana eo amin'ny fomba fampiasana ny tany amin'ny ankehitriny sy ny ho amin'ny ho avy (drafi-panajariana).

Inona no andraikitra sahanin'ny RIF amin'izany?

Araka ny voalaza etsy ambony dia manana andraikitra lehibe amin'ny fitantanana ny fananan-tany ny Kaominina.

Eto amin'ity loha-hevitra ity ny RIF dia manana andraikitra toy ny:

- Fanentanana ny Mponina ao amin'ny Kaominina amin'ny fanaovana fanisana tany
- Fikaonan-doha handaminana ny famaritana ny zara-tany
- Fikaonan-doha raha toa ka misy fanelanelanana atao mahakasika fifanolanana tany
- Hakana hevitra amin'ny fandaminana ny fomba hitsinjarana ny fampiasana ny tany eo amin'ny kaominina.

7. FANONTANIANA MATETI-PITRANGA NA FANONTANIANA ARAHIM-BALINY:

1. Raha tsy manana BIF na Birao Ifotony Fananantany ny Kaominina iray dia inona avy ireo dingana tokony harahina mba hisitran'ny olona iray ny fahazoana Karatany?

Araka ny voalaza ao amin'ny fehezan-dalàna laharana faha-2006-31 tamin'ny 24 Novambra 2006 andininy faha-26 (Chapitre 06-Disponsition transitoire) dia afaka misolotena sy manao ny asan'ny ny BIF na ny Birao Ifotony Fananantany ny Sampandraraharaham-panjakana miandraikitra ny fananantany (service des domaines et de la propriété foncière).

Ny Sampandraharanan'ny fananan-tany no miandraikitra ny asan'ny BIF fa ny Kaominina, izay amin'ny alalan'ny Ben'ny Tanana kosa no manao, mamoaka ary mankato ny Karatany. Marihina fa mitaky ny fiarahamiasa eo amin'ny Kaominina sy ny Sampandraharahan'ny fananantany izany ary indrindra ny fahavononan'ny Ben'ny Tanana.

2. Inona avy ireo fepetra takiana ahafahana manangana Birao Ifoton'ny Fananan-tany?

Araky ny foto-kevitra momba ny fanapariahana ny fitantanana ny Fananantany voalazan'ny lalàna lasitra mifehy ny sata-tany, dia andraikitr'ireo vondrombahoaka itsinjaram-pahefana ifotony na ny Kaominina ny mametraka sampandraharaha antsoina hoe BIF eny anivony mba hiandraikitra ny fitantanana ireo tany tsy vita titra nefa misy fanamaintisamolaly.

Misy anefa ireo fepetra takiana amin'ny fananganana ny Birao Ifoton'ny fananan-tany, dia ireto avy izy ireo :

- Fananan'ny Kaominina velaran-tany mbola afaka amoahana kara-tany, izany hoe tokony ho voamarina fa mbola betsaka ny tany tsy vita titra nefa misy fanamaintisamolaly ao amin'ilay Kaominina.
- Fananan'ny Kaominina sarin-tany mampiseho ireo satan-tany izay mirakitra ny toetra samihafa amin'ny fampiasana ny tany eo amin'ny faritra iadidiany toy ny tanim-panjakana tsy azo amidy, ny tanim-panjakana azo amidy, tanin'ireo vondrona samihafa miankina amin'ny Fanjakana, ny faritra arovana manana ny sata mifehy azy manokana, ny tany vita titra ary ny famaritana ireo fanamaintisa-molaly efa misy.
- Manampy izany, tsy maintsy ampidirin'ny Kaominina ao amin'ny teti-bolany ny ho enti-mampandeha io sampan-draharaha io ary koa tsy maintsy misy mpiasa voahofana hiasa amin'izany fitantanana fananan-tany izany.

3. Mitovy lanja ve ny Karatany sy ny Titra?

Eo anatrahan'ny lalàna dia voasokajy ao anatin'ny porofo fananan-tany ny karatany sy ny titra. Araka izany ny tanjany (force probante) no tokony ho asiana resaka fa raha ny fahamarinam-pototra araka ny lalàna (valeur juridique) dia tsy tokony asiana ady hevitra satria samy lalàna avokoa no nametraka azy ireo :

Raha ny mikasika ny hoe lanja araka ny lalàna (valeur juridique). Ny lalàna iray dia manankery manerana ny Nosy rehefa avy nandalo fanaraha-maso ny fanajàna ny Lalam-panorenana ataon'ny Fitsarana avo momban'ny Lalam-panorenana, ary nosoniavin'ny filoham-pirenena sy navoaka amin'ny gazetim-panjakana. Ny titra izay fehezin'ny didy hitsivolana (izay mitovy lenta amin'ny lalàna) laharana 60-146 tamin'ny 03 oktobra 1960 sy ny Karatany izay fehezin'ny lalàna 2006-031 tamin'ny 23 novambra 2006 izay mifehy ny karatany dia samy lalàna mitovy, noho izany dia TSY IADIAN-KEVITRA fa manana lanja araka ny lalàna ary mitovy ny Titra sy ny Karatany.

Raha ny mahakasika ny tanjaky ny porofo (force probante) kosa dia eo no misy misy fahasamihafany ny eo amin'ny Karatany sy ny titra. Ny mpanao lalàna dia nanome tanjaka bebe kokoa ny Titra mihoatra ny karatany satria ny andininy faha 36 ny lalàna laharana faha 2005-019 dia manambara fa manan-kery ny karatany mandra-pisy ny profo mifanohitra aminy. Marihana fa roa (2) ihany ny porofo ekena amin'ny mety hanafoanana ny karatany araka ny andininy faha 42 ny didim-panjakana laharana faha 2007-1109 mampihatra ny lalàna mifehy ny karatany dia : ny fanaporofoana izay manambara fa nisy ny fipetrahana ilay sombin-tany izay nataon'olon-kafa talohan'ilay olona vasoratra ao anaty karatany ; izay taratasy rehetra manambara fa efa nisy zo fitompoana nialohan'ny karatany teo amin'ilay sombin-tany (marihana fa ny titra ihany ankoatran'ny karatany no porofo eken'ny lalàna velona hanamarinana ny maha-tompony eto madagasikara). Ny tena antony lalina tsy hitovizan'ny karatany tanjaka amin'ny Titra dia satria ny tany nanaovana karatany dia tsy vita famaritana ara-teknikam-pandrefesana na BAORINA. Manaporofo izany ny andininy faha-24 ny lalàna laharana faha 2005-019 izay manome alalàna amin'ny famadihana ny karatany ho titra izay ny fanaovana baorina sisa no takiana hizorana amin'izany raha araka ny voalazan'ny andininy faha 52 hatramin'ny faha 57 ny didim-panjakana laharana 2007-1109 izay mampihatra ny lalàna 2006-031.

4. Afaka mahazo Titra na Karatany avokoa ve ny olona rehetra?

Ny olona rehetra mizaka ny zom-pirenena Malagasy feno 18 taona dia afaka mangataka kara-tany sy titra, raha toa ka tsy ampy taona izy dia tsy maintsy misy Mpiantoka.

5. Mila avadika Titra ve ny Karatany any aoriana any mba hampisy lanja bebe kokoa ho azy?

Afaka avadia titra ny karatany raha tian'ny tompony na filàn'ny tompony hanao izany.

Raha hamadika ny karatany ho titra dia manantona ny birao ifoton'ny fananantany.

Ireto avy ny taratasy ilaina amin'izany:

— Ny Karatany
— Fangatahana, izay fenoina eny amin'ny Birao Ifoton'ny fananan-tany.

Rehefa vita ireo dia alefan'ny BIF any amin'ny Sampandraharahan'ny fananan-tany ny dosie ka miroso amin'ny fanaovana baorina ny tany.

Rehefa vita ny fanaovana baorina dia miroso amin'ny fikarakarana ny famoahana titra.

6. Afaka misoratra amin'ny mpivady na koa olona maromaro ve ny titra na ny karatany iray?

Eny, Azo atao soamantsara.

7. Mizaka ny zo mitovy amin'ny fananana iombonana Titra na Karatany ve ny Lahy sy ny Vavy na mpivady ao anaty tokatrano iray (mpivady ara-panjakana sy mpivady ara-pomban-drazana) raha sanatria ka sendra fisarahana ka mizara fananana?

Ny lahy sy ny vavy dia mitovy zo eo anatrehany lalàna velona izay misy eto madagasikara. Raha eo amin'ny lafiny zo ny mpivady eo aminy fananantany no resahina dia:

* Raha mpivady ara dalàna dia manaraka ny lalàna velona izay mahakasika ny fanambadiana (Loi n°2007-022 du 20 août 2007 relatif au mariage et aux régimes matrimoniaux) ny fizaram-pananana; na zara mira na kitay telo an-dalana na nanao fifanarahana manaokana. Izany hoe arakaraky ny lalàm-pizaram-pananana na régime matrimonnial izay nosafidian'ny mpivady. Rehefa tsy nifidy moa dia ny zaramira no mihatra.

** Raha mpivady ara-pomban-drazana kosa; tsara ny manamarika fa ny mpivady tsy vita soratra ara-panjakana dia mitovy amin'ny tokatrano maso eo anatrehan'ny lalàna. Noho izay dia izay misoratra amin'ny taratasy fananantany ihany no tompony.

Fanamarihana: raha toa ka fananana izay noharin'ny lahy na vavy mialoha ny fanambadiana ara-panjakana dia mijanona ho fananany feno fa tsy fehezin'ny lalàm-pizara-pananana.

TOVANA I:
Lalàna 2005-019 tamin’ny 17 oktobra 2005 anaovana ny Fehi-kevitra ankapobeny mifehy ny satan’ny tany

FAMELABELARANA NY ANTONY

Ny zava-misy

Ny antotan-kevitra momba ny politikan'ny fananan-tany izay nankatoavin'ny Governemanta no namaritra ireo paikady ankapobeny mikasika ny fananan-tany eto Madagasikara.

Io antontan-kevitra momba ny politikan'ny fananan-tany io izay novolavolain'ireo vaomiera nahitana ireo solotenan'ny andrim-panjakana, olom-boafidy ary ny fiarahamonim-pirenena voakasiky ny fanana-tany, no nanoritra ny maha-zava-dehibe ny hananan'ny firenena paikady mazava sy mifanaraka amin'ny zava-misy momba ny fananan-tany.

Ny fandaharanasam-pirenena momba ny fananan-tany nipoitra avy tamin'ity antontan-kevitra momba ny paikadin'ny fananan-tany ity no mamaritra ireo tetik'asa efatra ho tanterahina mba hitondrana fanavaozana amin'ny fitantanana ny fananan-tany :

— Ny fanaovana ny fomba fitehirizana ireo antotan-taratasy mikasika ny fananan-tany sy ny kadasitra amin'ny alalan'ny fampiasana solosaina ary ny fampanaraham-penitra ireo toerana fikajiana ny antotan-taratasy.

— Ny fanatsarana sy fanapariahana ny fitantanana ny fananan-tany mba hamaly ny filan'ny vahoaka, indrindra amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovana sy fomba tsotra.

— Ny fanatsarana sy ny fanavaozana ny lalàna mifehy ny fananan-tany sy ny fizakan-tany arakaraky ny zava-misy iainana sy ny fivoarana.

Ireto avy ny tanjona kendren'ity fanavaozan-dalàna ity :

- Fampirindrana sy fandaminana ny lalàna manan-kery ankehitriny izay maro ka sarotra ny fampiharana azy hifanaraka amin'ny toetr'andro.
- Fampiharana ny rafitry ny fanapariaham-pahefana eo amin'ny fitantanana ny fananan-tany.
- Fanomezana fahafaham-po ireo hetahetan'ny vahoaka mba hisian'ny fahatonian-tsaina eo amin'ny fananan-tany amin'ny alalan'ny fomba tsotra kokoa mifanaraka amin'ny filàn'ny vahoaka ankoatry ny fanomezana taratasim-pizakan-tany mahazatra omen'ny fanjakana.
- Fanatsarana sy fampitaovana ireo sampan-draharaha miandraikitra ny fitantanana ny fizakan-tany sy ny fananan-tany.

— Ny fanatevenana ny fahaiza-manao sy fametrahana drafi-piofanana ho an'ireo olona rehetra voakasiky ny fananan-tany.

Firafitry ny lalàna

Mamaritra ireo karazana satan-tany sy mametra ireo fitsipika mitondra azy ireo ity lalàna ity.

Hita mantsy fa ny mahasarotra ny fampiharana ny lalàna iray dia mazàna noho ny tsy fahazoana ny voambolana teknika fampiasa.

Noho izany aorian'ny fanoritana ny anton'ity lalàna ity, dia nampidirina ao koa ny filazana mazava ny hevitry ny voambolana, fampiasa matetika amin'ny fananan-tany.

Rehefa avy eo, dia soritan'ity lalàna ity ireo sata samy hafa mifehy ny tany no sady manome koa izy ny famaritana azy ireo, ny votoatiny, ny lalàna mifehy ary ny fomba fitantanana.

Ireto avy no zava-dehibe misongandina hanamarika ity lalàna ity :

— Ny fanapariahana ny fitantanana tany sy ny fanamafisana bebe kokoa ny andraikitry ny sampan-draharaha momba ny fananan-tany.

— Ny fanekena ho zo ny fampiasana sy ny fisitrahana ny tany ho zo fizaka-manana feno, amin'ity fanavaozana tiana ho tanterahina ity, sy ho fampiharana ny lalàna dia tsy maintsy misy fepetra apetraka mba hisian'ny fitantanana ny fananan-tany araka ny tokony ho izy, ohatra :

- Fampiasana ireo fitaovana manara-penitra sy manaraka ny fivoaran'ny teknika vaovao toy ny solosaina.
- Fisian'ny mpiasa ampy traikefa sy voaofana.
- Fametrahana fomba fitantanana sy fampitaovana ara-bola vaovao afaka ampiharana ireo filàna voalazan'ny lalàna etsy ambony ireo.

Ireo no votoatin'ity lalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Tanindrazana - Fahafahana – Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

LALANA LAHARANA FAHA-2005-019
TAMIN'NY 17 OKTOBRA 2005
anaovana ny feni-kevitra ankapobe mifehy ny satan'ny tany

Ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona no nandany tamin'ny fivorina nataony avy tamin'ny 27 jolay 2005,

Ny Filohan'ny Repoblika,
Araka ny Lalàmpanorenana,

Araka ny fanapahana laharana faha-14-HCC/D3 tamin'ny 7 oktobra 2005 nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana,

No mamoaka hampanan-kery ny lalàna izay toy izao ny andinindininy :

SOKAJY VOALOHANY
Ankapoben-javatra

Andininy voalohany. – Anton'ny lalàna : Izao lalàna izao no mametra ny fenitra ankapobe mifehy ny sata araka ny lalàna samihafa mifehy ny fitambaran'ny tany mamorona ny Repoblikan'i Madagasikara.

Ny tany mamorona ny tanim-panjakana azo amidy sy an'olon-tsotra ary an'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana dia fehezin'ny fitsipika momba ny fitantanana ny tanim-panjakana.

Ny tany mamorona ny tanin'ny olon-tsotra, ny vatan-tenan'olona na fikambanana, dia fehezin'ny fitsipika momba ny fitantanana ny fananan-tany.

Andininy 2. – Ny satan'ny tany : Ny tany eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara dia mitsinjara, araka ny fepetra faritan'izao lalàna izao, ho:

— tany miankina amin'ny tanim-panjakana, an'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana sy fikambanana hafa fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe;

— tany an'olon-tsotra;
— tany mamorona faritra fehezin'ny fitondrana araka ny lalàna ho fiarovana manokana.

Andininy 3. – Famaritana : Ao anatin'izao rijan-teny izao, ny teny manaraka etoana dia faritana toy izao:

- **Sora-tany** : Sora-panekena ara-panjakana nataon'ny fitondran-draharaha miandraikitra ny Fananan-tany na ny Sampan-draharahan'ny fananan-tany ao amin'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana mba hanaovana na ahitana fototra ny tena zo na an'olon-tsamirery mikasika ny fampiasana sy ny fipetrahana ary/ na ny fanamaintisamolaly ny tany iray.

- **Fanokanana** : Zava-miseho mivaingana na sora-panekana araka ny lalàna ahafahana manoritra ho an'ny fanana-mifaka iray ny fampiasana azy manokana manoloana ny sata araka ny lalàna mifehy azy.

- **Fanolo trosa** : Milaza ny fampiasana zavatra na paika arahina iray ho solon'ny iray hafa. Ohatra : ny antoka dia miendrika fanolo trosa satria misolo ny fanefana vola.

- **Faritra arovana** : Ampahan-tany sy/na ranomasina natao manokana ho fiarovana sy fikajiana ny fahasamihafana eo amin'ny lafiny haiaina, ary koa ireo loharanon-karena voajanahary sy ny ara-kolontsaina mitambatra, ka tantanina amin'ny fomba mahomby sy araka ny lalàna na hafa.

- **Fampanofana** : Fifanekena izay amelan'ny tompony ny tany iray hampiasain'ny olon-kafa, mandritra ny fotoana voafetra, ka andoavana vola tsy tapaka, ny hofany. Araka ny fepetra ao aminy, ny fampanofana dia mety hiseho amin'ny endrika samihafa ohatra ny fampanofana an-taona maro.

Ny fampanofana dia mety indrindra koa fampiasana trano fonenana, indostria, varotra na fambolena.

- **Fampanofana an-taona maro** (na **fanekem-panofana maharitra taona maro**) : Ampanofana mandritra ny valo ambin'ny folo ka hatramin'ny sivy amby sivifolo taona izay ahafahan'ilay mpisitraka (mpandray), ny mpanofa maharitra taona maro, mampiasa ny tany hanaovana asa fanatsarana izay mijanona ho an'ny tompon'ny tany rahefa tapitra ny fampanofana, ka andoavana vola fandoa isan-taona ary ny habetsahany dia tombanana ho arakaraka ny fanamaintisamolaly ny tany natao rahefa mifarana ny fifanekena.

- **Mpampanofa**: Ny tompon'ny fananana nomena hofain'olon-kafa.

- **Fananana** : Izay rehetra zavatra mety ho tonga fananan'ny olona. Ny fananana dia mety hanara-batana (fitaovana) na tsy manara-batana; fanana-manaraka na fanana-mifàka, an'ny tena (faritan'ilay olona mitana azy) na mivaingana (faritan'ny antony nanaovana azy).

- **Fananana tsy misy mpikarakara sy tsy fanta-tompo**: Fananana izay hita, amin'ny alalan'ny paika arahina manokana, fa tsy mbola nisy nampiasa na nipetraka mihitsy ary tsy misy nitonona ho tompony.

- **Fanaovana tsatobato**: Asa famaritana tany iray amin'ny alalan'ny fanamarihana ny faritra misy azy. Io asa io izay atao ampahibemaso dia azo anaovana famotorana ampahibemaso sy ifanatrehana mikasika ny sata araka ny lalàna mifehy ny tany. Ny fanaovana tsatobato dia tena ilaina mihitsy eo amin'ny paika arahina amin'ny fanoratana tany satria izany no ahafahana mamantatra ny tany ho toy ny tena fananana ka ny ao anatiny dia atao amin'ny fomba tsy azo hiadian-kevitra ary hizakana ny zo fitompoana voasoratra ao anatin'ny boky fananan-tany.

- **Tsatobato** : Famantarana mivaingana ka ny endriny sy ny zavatra anaovana azy dia voafaritry ny lalàna na ny didy amam-pitsipika manan-kery, sy tsy maintsy ampiasaina amin'ny paika arahina amin'ny fanaovana tsatobato izay ahafahana manoratra ny tany.

- **Kadasitra** : Eo amin'ny lafiny teknika, ny teny hoe kadasitra dia ampiasaina sady hanondroana ny Sampan-draharaha manana fahaizana manokana ao amin'ny Fanjakana izay mitantana ny fanaovana sarintany momba ny fananan-tany sy ity farany.

Eo amin'ny lafiny lalàna eto Madagasikara, ny teny hoe"kadasitra" dia ampiasaina hanondroana ny paika manokana ampiharina amin'ny zo fisitrahana izay miafara amin'ny fankatoavana iombonana araka ny lalàna izany.

- **Fanamarinana momba ny fananan-tany** : Sora-panekena ara-panjakana manaporofo ny fisian'ny zo noho ny fipetrahana sy fampiasana ary ny fanamaintisamolaly, an'ny tena samirery sy notanterahina, mikasika sombin-tany iray, natao araka ny paika arahina manokana voafaritra ara-dalàna. Ny fanamarinana dia manaiky ny zo fitompoana ho azo atohitra olon-kafa mandra-pisian'ny porofo mifanohitra amin'izany.

- **Fivarotana** : Sora-panekena araka ny lalàna izay ahafahana manao ny famindrana, misy tambiny na tsia, ny fitompoana ny fananan'ny olona iray araka ny lalàna. Ny famindrana dia mety handoavam-bola (misy tambiny) na maimaimpoana.

Mety ho amin'ny alalan'ny raharaham-pihavanana izany na voatery tsy maintsy atao (ohatra amin'ny fanesorana ny fizakana ny tany amin'ny tompony). Mety ho nifanarahana izany, mifampifidy na mifampisongona ny roa tonta, ka ny mpividy dia izay manolotra vidiny ambony kokoa ao anatin'ny fepetra nofaritana mialoha momba ny fivarotana.

Mety ho tena raikitra ny famoizana raha vantany vao vita sonia ny sora-panekena na misy fehivavany, raha toa ka misy fepetra sasantsasany noferana mba hampanan-kery izany.

- **Famoizana** : Mikasika ny tany miankina amin'ny tanim-panjakana, ny famoizana dia ny sora-panekena ara-panjakana izay amoizan'ny fitondran-draharaha miandraikitra ny tanim-panjakana aminà vatan-tenan'olona na fikambanana, miankina amin'ny fanjakana na tsy miankina amin'ny fanjakana, ny fisitrahana ny tany voafaritra iray sy ny fanorenana eo aminy, araka ny fepetra noferan'ny sora-panekena sy ny bokin'andraikitra, ka andoavam-bola, ao anatin'ny fotoana voafetra.

- **Fanasokajiana** : Paika arahina ara-dalàna izay anomezan'ny Fanjakana na ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana ny tany na fotodrafitrasa iray, ny fitaovana iray, ny sata maha-harem-panjakana azy.

- **Fanovàna sokajy** : Paika arahinaara-dalàna izay ahafahana manala ny fanana-mifaka iray tsy ho anisan'ny harem-panjakana mba hampidirana azy ho fananana tsotra an'ny fikambanana miankina amin'ny fanjakana.

- **Famaritana** : Asa ahafahana mametra ny faritra hita maso manoritra ny fanana-mifaka iray ka noho izany ahafahana mamaritra ny ao anatiny.

Raha ampiharina amin'ny tanim-panjakana izany, ny famaritana dia ahafahana mametra ny faritry ny zavatra miankina aminy, ka noho izany dia fepetra fampiharana ny fitondrana manokana araka ny lalàna.

- **Zavatra miankina** : Amin'izay mikasika ny fanana-mifaka an'ny fanjakana, ny zavatra miankina dia ny fananana mifandray amin'ny tanim-panjakana, na amin'ny fananana tsotra an'ny fikambanana miankina amin'ny fanjakana voakasika, ka araka izany dia « miankina » amin'ny fitondrana manokana araka ny lalàna.

- **Fitaka** : Fomba fanao, fihetsika, hafetsena, famitahana, tena iniana ho ratsy, ka miteraka voka-dratsy.

- **Fananana** : Raha ny tena hevitry ny teny no jerena, ny fananana dia ny fitambaran'ny fananana tantanan'ny "tompo" iray na tompony. Eo amin'ny fiainana andavanandro, dia mampieritreritra fitompoana tany an'olon-tsotra izany ("tanin-dRanona"), nefa ihany koa mampieritreritra fitambarana fananana miankina amin'ny mpanao asa miankina amin'ny fanjakana. Amin'ity fisehoan-javatra farany ity, dia manondro zavatra maro izany (jereo ery ambany). Noho izany, ny fananana dia mety ho an'olon-tsotra na an'ny Fanjakana.

- **Fananana (manondro zavatra maro)** : Fitambaran'ny fanana-manaraka sy fanana-mifaka mamorona ny haren'ny fikambanana iray miankina amin'ny Fanjakana.

- **Fanana-mifaka an'olon-tsotra** : Fitambaran'ny tany an'ny Fanjakana, an'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana na izay rehetra fikambanana hafa fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe, ka afaka manana harena. Ny fananana an'olon-tsotra dia fehezin'ny fitsipika voalazan'ny lalàna iombonana mikasika ny fananana, na dia eo aza ny fitsipika manokana noferana ara-dalàna mamela handingana izany lalàna iombonana izany.

- **Fanana-mifaka an'ny fanjakana** : Fitambaran'ny fananana voajanahary na nataon-tanàna, ka ny Fanjakana (na ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana) no tompon'andraikitra mivantana amin'ny fiarovana sy ny fitantanana izany ho amin'ny tombotsoa iombonana.

Ny fananana an'ny fanjakana dia tsy azo amidy sy tsy azo giazana ary tsy azo foanana. Mety hiaraka amin'ny adidy aman'andraikitra manokana takiana ihany koa amin'ny tany an'olon-tsotra izany.

- **Fanomezana (na fanolorana)**: Araka ny lalàna, dia manondro ny sora-panekena miaraka na tsia aminà fepetra, izay amindran'ny olona iray, ny mpanome, ka tsy azo iverenana, tsy misy tambiny sy tsy ikatsahan-tombotsoa, fananana iray avy tamin'ny hareny ho an'ny olon-kafa, ny nomena, izay manaiky izany.

- **Fanokanana**: Teny fampiasa andavanandro hanondroana ny fanomezana lelavola (fanampiana ohatra).

Amin'izao lalàna izao sy amin'ny fepetra fampiharana azy, ny fanokanana dia enti-milaza paika arahina manokana ahafahana mamindra tany avy amin'ny tanim-panjakana azo amidy ho amin'ny tanin'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana ka anjaran'ity farany no misahana ny fitantanana sy/na ny fitsinjarana izany amin'ireo mpikambana ao aminy, miainga amin'ny zo fisitrahana na fipetrahana efa misy, araka ny fitsipika voalazan'ny lalàna iombonana.

- **Lalàna iombonan**a : Fomba fiteny enti-milaza fa ny fitsipika araka ny lalàna fampihatra dia izay voafaritry ny rijan-teny fototra mikasika ny zavatra tondroin'ilay lalàna voakasika.

- **Fifamatorana** : Manondro velaran-tany iray manoloana ny fitondrana araka ny lalàna hampiharina aminy. Ny ao amin'ny fifamatorana dia faritana amin'ny alalan'ny lalàna, ny sora-panekena ara-panjakana manokana na amin'ny alalan'ny fifanekena.

- **Fananan-tany**: Ny teny hoe « fananan-tany» dia azo raisina ho toy ny sampan-teny ka enti-manondro amin'izany ny fitambaran'ny fifandraisan'ny Olombelona sy ny tany na ho toy ny mpamari-toetra ka amin'izany dia enti-manondro ny fitambaran'ny fitsipika mikasika ny fitompoana manokana ny tany.

- **Antoka**: Antoka vononina ho an'ny mpampindram-bola ka ahitana manontolo na ampahany ihany ny tetibidin'ny fanana-mifaka. Ny antoka dia zo raikitra ho an'ny tompon'ny zo fitompoana. Ny antoka dia mety ho nifanarahana na araka ny voalazan'ny lalàna arakaraka ny rijan-teny manan-kery.

- **Fanoratana**: Fitondrana araka ny lalàna ampiharina amin'ny tany iray ka manome izany endrika raikitra sy tsy azo hozongozonina. Raha hazavaina misimisy kokoa, ny fanoratana dia dingana ahafahana mamantatra ny tany amin'ny alalan'ny fanaovana tsatobato sy ny fanomezana laharana ara-pahatongavana ao amin'ny boky fananan-tany.

- **Tsy fahazoa-manafoana** : Endriky ny zo iray araka ny lalàna (ny zo fitompoana ohatra), ny fananana iray (tany miankina amin'ny tanim-panjakana ohatra) na ny fampakaran-draharaha amin'ny fitsarana, izay tsy mitsahatra mihatra ny fahazoana azy, izany hoe noho ny fahataperan'ny fe-potoana.

- **Tsy fahazoa-mivarotra** : Andraikitra izay tsy ahafahana mamindra ny fitompoana ny fananan'olona iray amin'olona hafa. Ny tsy fahazoa-mivarotra dia ampiharina manokana indrindra amin'ny tany miankina amin'ny tanim-panjakana.

- **Tsy fahazoana manao fanagiazana** : Endrika araka ny lalàna izay tsy ahafahan'ny tompon-trosa mandray, ao anatin'ny fepetra voalazan'ny lalàna, ny fananana iray. Ny tsy fahazoana manao fanagiazana dia mahakasika indrindra ireo fananana miankina amin'ny harem-panjakana.

- **Fisoratana** : Asa izay andraketana am-boky ny sora-panekena araka ny lalàna mikasika na momba ny tena zo amin'ny tany iray voasoratra araka ny toetra manokana ananan'io tany io ao amin'ny boky fananan-tany. Ny fisoratana dia fepetra momba ny tsy fahafaha-manohitra ny sora-panekena araka ny lalàna amin'olon-kafa.

- **Tolo-pananana** : Sora-panekena ataon'olona iray hametrahana noho ny fahafatesana sy maimaimpoana ka voarakitra ao amin'ny didy fandovana izay anoloran'ny mpanolotra (ilay maty) ny fitambarana na ny ampahany amin'ny fananany hozakain'ilay anjoaniny (ilay nandray ny fananana ho lova) ka ho azy tanteraka, ampanofainy na ho azy fotsiny amin'izao.

- **Faritra** : Izay mamaritra ny tany iray ; ny tsipiky ny faritra dia voafetry ny tsatobato naorina ara-dalàna na ireo famantarana naorin'ny mpampiasa ny tany araka ny fomba fanao ekena eo an-toerana.

- **Boky fananan-tany** :Rejistra izay anoratana, araka ny laharam-pahatongavany, ny tany, arakaraka ny fanoratana azy. Ho an'ny tany tsirairay dia misy fitànana an-tsoratra, atao hoe titra fananan-tany, mifanandrify aminy izay anoratana, araka ny fahatongavany, ny sora-panekena tena ara-dalàna mikasika ilay sombin-tany vita soratra.

- **Mpanofa (na mpandray)** :Vatan-tenan'olona na fikambanana, mpandray anjara amin'ny fifanekem-panofana, izay misitraka ny fananana nampanofaina araka ny fepetra voalazan'ny fifanekena.

- **Fipetrahana** :Ny fipetrahana eo amin'ny tany iray araka ny titra na ny tsy fisian'ny zo mitombina ara-dalàna.

- **Fandidiana** :Vokatra araka ny lalàna noho ny fahataperan'ny fe-potoana.

Manafoana, ny fandidiana dia manafoana ny zo na ny adidy noho ny tsy fampiasana izany.

Manome tombotsoa, ny fandidiana dia manome zo na adidy ; ity fandidiana ity dia tsy azo ampiharina amin'ireo tany voasoratra, afa-tsy raha misy fepetra ara-dalàna mifanohitra amin'izany.

- **Fivononan-ko tompony** :Vokatry ny zava-miseho na sora-panekena iray voamarina ara-dalàna ka ny fisian'izany fotsiny dia manafaka ilay mivonon-ko tompony amin'ny fitondrana porofo momba ny zava-miseho na sora-panekena hafa izay toa marina ny fisiany manoloana ilay voalohany. Ny fivononan-ko tompony dia mety ho tsy azo tohinina na tsy azo lavina, ka amin'izany dia tsy misy porofo azo atohitra azy, na tsotra na azo lavina, ka amin'izany dia tsipahina amin'ny alalan'ny fanomezana porofo mifanohitra aminy.

- **Fitompoana (zo fitompoana)** :Ny zo raikitra ahafahan'ny tompony mampiasa, misitraka na manodina araka izay tiany ny fananany, na dia eo aza ny fepetra izay mety ho faritan'ny fepetra voalazan'ny didy aman-dalàna manan-kery.

- **Planina** :Taratasy firaketana momba ny fandrefesan-tany, nataon'ny géomètre nankatoavina na ny Sampan-draharaham-panjakana mahefa, mampiseho ny ampahan-tany, ny famaritana azy sy ny tsatobato ary ny velarany.

- **Fanekena eo an-toerana** :Paika arahina voafetra araka ny lalàna izay ahafahana mampihatra eny an-toerana (Kaominina na hafa) fomba fizahana fototra sy fanamarinana ny toe-javatra mikasika ny tany iray araka ny lalàna, izay ataon'ny vaomiera natokana ho amin'izany.

- **Vola fandoa** :Lelavola tsy maintsy arotsaky ny tompon'ny sora-panekena momba ny tany tsy tapaka (ohatra famoizana), ny mampanofa mandritra ny taona maro.

- **Fanokanana tany** : Velaran-tany natsangana araka ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fananan-tany ho faritra manana sata manokana ka ny kendrena amin'izany dia ny fampiroboroboana asa ara-toekarena iray toy ny fizahan-tany, ny fambolena ary ny indostria.

- **Famelana velaran-tany** : Ny famelana velaran-tany, izay miovaova ny karazany sy ny niaviany araka ny lalàna, dia fanerena tsy maintsy arahina na dia eo aza ny zo fitompoana ny tany. Mety hiankina amin'olon-tsotra na mifandraika amin'ny tanim-panjakana ny famelana velaran-tany.

- **Ny ambonin'ny tany (zo fitompoana ny ambonin'ny tany)** : Zo fitompoana (zo tena misy) mikasika ny fanajariana (fanorenana, fambolena, sns) atao eo amin'ny tany iray, afa-tsy ireo zo rehetra momba ny tany.

-**Ny tompon'ny ambonin'ny tany** : Ny mpisitraka ny zo fitompoana ny ambonin'ny tany.

- **Titra fananan-tany** : Amin'ny ankapobe, kopia marin'ny pejy ao amin'ny boky mikasika ny tany voasoratra, manamarina fa ilay tany dia ho tombotsoan'ilay mitana ny titra.

Eto Madagasikara, ny titra fananan-tany dia ny anarana omena ny zavatra manokana mifandrohy amin'ny tany tsirairay ao amin'ny boky fananan-tany. Ny tompon'ny tany dia mahazo kopia tena marina momba io titra io.

- **Fivarotana** : Jereo fivarotana ery aloha.

SOKAJY 2
Tanim-panjakana, an'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana ary an'ny Fikambanana hafa fehezin'ny hafa ifampitondran'ny daholobe

Andininy 4. – Ny tany an'ny Fanjakana na eo am-pelatànany, an'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana sy fikambanana hafa fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe, dia fehezin'ny fitsipika ampiharina na amin'ny tanim-panjakana izany na amin'ny tany an'olon-tsotra, araka ny karazany.

Paragrafy 1
Momba ny tany an'ny fanjakana sy ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana

Famaritana ny tanim-panjakana

Andininy 5. – Ny fanana-mifaka an'ny Fanjakanasyny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana dia ahitana ny fitambaran'ny fanana-mifaka izay, na noho ny karazany, na noho ny fanokanana azy nataon'ny manampahefana, atokana hampiasaina sy hozakaina ary ho arovan'ny rehetra ka tsy azo atao ho fananan'olon-tsotra, fa mijanona amin'ny toetrany amin'izao.

Toetry ny tanim-panjakana

Andininy 6. – Ny tanim-panjakana dia mitsinjara ho ampahanytelo lehibe ka ny toetoetrany dia faritan'ny fiavin'ny fananana izay mamorona azy :

1) Ny fananam-panjakana voajanahary izay saika mikasika ny fanana-mifaka, ka ny fari-piasana sy ny fampiasana izany dia asan'ny zavaboary.

2) Nyfananam-panjakana nataon-tànana ka ny fanamboarana azy dia vokatry ny asa sy ny finiavan'ny Olombelona.

3) Ny fananam-panjakana ara-dalàna, izany hoe, ilay, araka nykarazany sy ny fampiasana azy, mety anaovana fitompoan'olon-tsotra, nefa ny lalàna dia nanasokajy azy mazava ho fananam-panjakana.

Andininy 7. – Rahatsy jerena ny fanavahana voalaza ao amin'ny andininy etsy aloha, ny fananam-panjakana dia mbola mitsinjara, araka ny karazany na ny fanokanana azy, ho fananam-panjakana an-tanety, ho fananam-panjakana an-dranomasina, ho fananam-panjakana an-drenirano sy am-parihy, ary ho fananam-panjakana an'ny miaramila.

Andininy 8. – Ny famelana velaran-tany ho fivezivezena dia atokana :

1) Eo amin'ny moron'ny lakandrano, farihy, kamory sy tahirin-dranomasina, miankina amin'ny fananam-panjakana ary koa ny sisin'ny nosy ;

2) Ho fanatanterahana ny asa fikojakojana na fanamboarana ny moron'ny lakandrano, fitarihan-drano sy fikojakojan'asa isan-karazany an'ny fahefam-bahoaka ka miankina amin'ny tambajotra fitarihan-drano ho amin'ny fambolena ;

3) Ary amin'ny ankapobe, ho fanatanterahana ny asa hafa rehetra ho fanajariana na momba ny fotodrafitrasa miankina amin'ny fananam-panjakana.

Ny sakan'izany velaran-tany avela ho fivezivezena izany dia ferana araka ny lalàna mifehy ny fitondrana araka ny lalàna ny tanim-panjakana.

Fitondrana araka ny lalàna ny fananam-panjakana

Andininy 9. – Ny fanananaao amin'ny tanim-panjakana dia tsy azo amidy na anaovana fandidiana raha vantany vao voasoratra araka ny paika arahina voalazan'ny didy amam-pitsipika mifehy ny fitondrana ny fananan-tany eto Madagasikara. Izay rehetra fivarotana nekena ho fandikana io fitsipika io dia iharan'ny fanafoanana ho filaminam-bahoaka.

Andininy 10. – Ny tanim-panjakana dia tsy azo anaovana fanesorana ny fizakana amin'ny tompony noho ny antony ho fanasoavam-bahoaka, ny fanovana ny fampiasana ny fananana izay miankina amin'izany dia atao araka ny fepetra voasoritra ao amin'ny andininy faha-12 manaraka etoana.

Andininy 11. – Ny fananana ao amin'ny tanim-panjakana dia atoetra hiankina amin'ny fikambanana voalaza ao amin'ny andininy faha-5 etsy ambony izay tsy afaka mampiasa izany raha tsy aorian'ny fanatanterahana ny paika arahina momba ny fanovana sokajy araka izay voafaritra ao amin'ny andininy faha-12 manaraka etoana.

Andininy 12. – Ny ampahan'ny tanim-panjakana izay ekena fa mety azo ovàna sokajy dia azon'ny manampahefana izay iankinany anaovana izany kanefa tsy maintsy misy fankatoavan'ny manampahefana mpiahy raha toa izany ka miakina amin'ny fananana hafa noho izay an'ny Fanjakana.

Ny sombin-tany novàna sokajy, ao amin'ny tanim-panjakana, dia ampidirina ao amin'ny fananana tsotra an'ny fikambanana fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe izay nanao ny fanovana sokajy.

Fitantanana ny tanim-panjakana

Andininy 13. – Ny ampahany sasantsasany amin'ny tanim-panjakana dia azo anaovana fanokanana ho an'olon-tsotra :

— na izany miendrika fifanarahana famoizana, izay maharitra telopolo taona raha ela indrindra, amin'ny fitrandrahana zavatra miankina amin'ny tanim-panjakana araka izay nanokanana azy ;

— na izany miendrika fahazoan-dàlana na fanomezan-dàlana hitoetra tsy tena raikitra ary azo foanana na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona.

Ny fombafomba amin'ireo endrika roa momba ny fanokanana ireo dia feran'ny lalàna anaovana ny fitondrana araka ny lalàna ny tanim-panjakana.

Andininy 14. – Azo atao ny manome, ao anatin'ny fe-potoana telopolo taona, na ho an'ny fitondran-draharaha, na ho an'ny vatan-tenan'olona na fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana, fahazoan-dalàna manokana izay ahazoana, rehefa mandoa ny vola fandoa, ny zo hioty ny vokatra voajanahary sasantsasany eo amin'ny tany, hitrandraka ny vato, hanamboatra vovon-drano ary hampihatra ny zo fihazana sy/na fanjonoana

Andininy 15. – Ny lalàna mifehy ny tanim-panjakana sy nydidim-panjakana fampiharana izany no mamaritra ny fepetra mikasika ny filaminana, ny fikajiana ary ny famaritana ny tanim-panjakana.

Andininy 16. – Ny fitantanana ny fananana miankina amin'ny tanim-panjakana, noho ny antony ho amin'ny tombotsoan'ny besinimaro, dia azo afindra aminà fikambanana izay hitana izany amin'ny anaran'ny iray amin'ireo olona hafa voalaza ao amin'ny andininy faha-4 etsy ambony. Ny famindrana dia atao araka ny fombafomba voalazan'ny lalàna mikasika ny Tanim-panjakana sy ny rijan-teny fampiharana azy.

Paragrafy 2

Momba ny fananana azo amidy an'ny Fanjakana, ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana ary ny Fikambanana hafa fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe

Famaritana

Andininy 17. – Fitambaran'ny fanana-mifaka izay anisan'ny fananana na an'ny Fanjakana, na an'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana, na an'ny fikambanana fehezin'ny lalàna iombonana, ka azon'ny Fanjakana na ireto farany ampiasaina araka ny lalàna iombonana na dia eo aza ny fepetra manokana araka ny lalàna manan-kery.

Ny ao anatiny

Andininy 18. – Tafiditra ao anatin'ny fanana-mifaka azo amidy :

- ny fanana-mifaka anton'ny titra fananan-tany ;
- ny fanana-mifaka mamorona ny tanim-panjakana taorian'ny fanovàna sokajy azy ;
- ny fanana-mifaka napetraka ho lova na nomena fikambanana iray fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe, rehefa nanaiky izany ity farany araka ny fepetra nofaritan'ireo rijan-teny manan-kery ;
- ireo nosy na nosy madinika izay tsy azo anaovana fitompoana ho an'olon-tsotra na amin'ny endriny manao ahoana na amin'ny endriny manao ahoana, ka noho izany dia hofaina fotsiny ihany ;
- ny tany eny an-tanàn-dehibe na eny ambanivohitra, izay nanaovana paika fanesorana amin'ny tompony ny fizakana azy, noho ny tombontsoan'ny besinimaro, ary koa ireo izay tsy nohajain'ny tompony ny adidy momba ny fanamaintisamolaly, ny fikojakojana ary ny fampiasa azy, ka nafindra ho fananam-panjakana azo amidy na fananana an'ny fikambanana miankina amin'ny Fanjakana araka ny fepetra noferan'ny rijan-teny manan-kery ;
- Ny tany izay tsy mbola nisy nipetraka mihitsy na nisy nanao fitompoana voalohany.

Fitondrana araka ny lalàna

Andininy 19. – Ny fananana an'olon-tsotra dia ahitana fanana-mifaka izay azo atambatra ho sokajy roa:

- ny fanananananatokana ho an'ny sampan-draharaham-panjakana iray satria ilainy, ary mandritra ny faharetan'izany filany ny tany izany ;
- ny fananana tsy natokana dia ireo izay eo am-pelatànan'ny tompony sy ampiasain'ny mpandraharaha miankina amin'ny Fanjakana izay mitazona ny tany niankinana.

Fitantanana ny fananana an'olon-tsotra

Andininy 20. – ny fanana-mifaka mamorona ny fananana an'olon- tsotra dia, araka ny sitrapon'ny tompony sy araka ny fepetra voalazan'ny rijan-teny manan-kery, anaovana fampanofana, tsotra na maharitra taona maro, atao lavanty na hifanarahana, atakalo, ary amin'ny ankapobeny fifanakalozana na inona na inona karazany rahefa eken'ny lalàna iombonana. Izany ihany koa dia azo anaovana fifanankalozana manokana ka ny fombafomba amin'izany dia ho faritan'ny lalàna.

Ny sora-panekena araka ny lalàna sy ara-panjakana mikasika ny fananana mamorona ny fananana an'ny Fanjakana azo amidy dia miankina amin'ny tandrifim-pahefan'ny solotenan'ny Fanjakana ao amin'ny fari-piadidiana ny fananan-tany ao amin'ilay toerana misy ilay fananana anton'ny sora-panekena.

Ny tany izay nanaovana sora-panekena momba ny fananan-tany na fifanarahana araka ny fepetra voalazan'ny rijan-teny manan-kery, dia afahana amin'izay rehetra mety ho fanaraham-pananana, afa-tsy ny an'ilay olona tompon'ny sora-panekena na ny fifanarahana.

Ny famindran-tanàna ifanaovan'ny Fanjakana, ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana ary ny fikambanana rehetra fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe, momba ny fananana miankina amin'ny fananany azy ireo tsirairay avy, dia atao amin'ny alàlan'ny raharaham-pihavanana sy andoavam-bola, na izany ho fitompoana, na izany ho fizakana fotsiny, ary araka ny endrika voalazan'ny lalàna iombonana.

Ho fandinganana io fitsipika io, ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana sy ny fikambanana fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe hafa noho ny Fanjakana dia afa-mandray maimaimpoana avy amin'ity farany fananana avy amin'ny tanim-panjakana azo amidy. Mifamaly amin'izany koa, ny Fanjakana dia afa-mandray avy amin'ny fikambanana hafa miankina amin'ny Fanjakana, tany izay ilaina hanorenana ny sampan-draharaha ao aminy na anaovana asa ho tombontsoan'ny besinimaro.

SOKAJY 3
Momba ny tany an'olon-tsotra

Andininy 21. – Ny tany an'olon-tsotra dia mitsinjara ho:

— tany ampiharana ny zofitompoana ekena araka ny titra fananan-tany ;
— tany tànana araka ny zo fitompoana tsy voasoratra izay azo atao/ekena amin'ny alalan'ny paika arahina manokana.

Paragrafy 1

Momba ny tany ampiharana ny zo fitompoana ekena araka ny titra fananan-tany

Seha-pampiharana ny fitondrana ny fananan-tany vita soratra

Andininy 22. –Fehezin'ny fitondrana ny fananan-tany vita soratra :

— ny tany nanaovana paika arahina momba ny fanoratana tany an'olon-tokana ;
— ny tany izay nanaovana paika arahina momba ny fanoratana tany itambarana.

Fitondrana ny fananan-tany vita soratra

Andininy 23. – Ny Sampan-draharahan'ny Fikajiana ny fananan-tany no miandraikitra ny fanomezana ny tompony ny antoka momba ny tena zo ananany amin'ny tany fehezin'ny fitondrana ny fanoratana ny tany araka ny fepetra voalazan'ny rijan-teny mifandraika amin'izany.

Ny fiantohana ny tena zo dia azo amin'ny alalan'ny fampahafantarana ny besinimaro (ny fanoratana ny tany) ao amin'ny boky fananan-tany, amin'ny soratra manokana antsoina hoe titra fananan-tany, nosokafana ho an'ny tany tsirairay, ny tena zo rehetra mifandraika aminy, ary koa ny fanovana izany zo izany ihany, io fampahafantarana ny besinimaro io dia hialohavan'ny fanamarinana ny porofo naseho ka hitokiana manoloana olon-kafa, araka ny fetra sy araka ny fepetra manan-kery voalazan'ny lalàna.

Mba ahafahana manao izany fampahafantarana ny besinimaro izany, ny tany dia tsy maintsy voasoratra mialoha ao amin'ny boky fanana-tany. Ny fanoratana dia atao rahefa vita ny paika arahina voafetry ny lalàna mikasika ny fananan-tany voasoratra sy ireo rijan-teny fampiharana azy.

Andininy 24. – Misypaika arahina manokana mametra ny fombafomba famadihana ny taratasy fanamarinana fananan-tany ho titra fananan-tany.

Andininy 25. –Ny fitondrana ny fananan-tany amin'ny fanoratana dia ampiharina amin'ny rambon-tany, misy trano miorina na tsia.

Ny fasana misy razana dia azo soratana miaraka amin'ny tany nanorenana azy : nefa, na dia aorian'ny fanoratana aza, dia mbola mijanona ho fehezin'ny fitsipika manokana momba ny fitompoana mikasika azy ireo izany ary dia mitazona ny toetra maha-tsy azo amidy sy ny maha-tsy azo giazana azy.

Andininy 26. – Ny fepetra voalazan'ny lalàna sy ny didy aman-pitsipika manan-kery eto Madagasikara amin'ny vaninandro amoahana hanan-kery izao lalàna izao, raha araka ny tokony ho izy, dia azo ampiharina amin'ny ankapobe, amin'ireo tany voasoratra sy tena zo mifandraika amin'izany.

Andininy 27. –Izay rehetra zo momba ny tany na loloha dia tsy misy, manoloana ny olon-kafa, raha tsy hoe angaha nampahafantarina ny besinimaro araka ny fomba sy fepetra ary fetra voafaritra ao amin'izao lalàna izao sy ny rijan-teny ahafahana mampihatra izany, ka tsy tohinina ny zo sy asa nifanaovan'ny andaniny sy ankilany ho fanantanterahana ny fifanarahana nifanaovany.

Andininy 28. –Heverina ho fanana-mifaka, noho ny antony izay ampiharana azy :

a) Ny tena zo amin'ny fanana-mifaka, izany hoe ny fitompoana ny fanana-mifaka; ny fizakana ny vokatra avy amin'ireo fananana ireo; ny zo fampiasana sy fonenana; ny fampanofana mandritra ny taona maro; ny zo fisitrahana ny ambonin'ny tany; ny famelana velaran-tany sy sampan-draharaha momba ny fananan-tany; ny fanolo trosa; ny tombotsoa ary ny fametrahana antoka.

b) Ny asa ikendrena hitakiana ireo tena zo ireo.

Fitantanana ny fananan-tany vita titra

Andininy 29. – Ny titra fananan-tany natao araka ny paika arahina fanoratana araka ny fomba sy fepetra voafaritry ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika dia tena raikitra sy tsy azo hozongozonina intsony; manoloana ny ambaratongam-pitsarana malagasy, izany dia zary fototra tokana hiaingan'ny tena zo sy loloha momba ny fananan-tany misy mikasika ilay tany tamin'ny fotoana nanoratana azy, afa-tsy ireo zo hafa rehetra tsy voasoratra. Tsy azo raisina izay rehetra hetsika ikendrena hitakiana ny tena zo tsy nambara nandritra ny paika arahina.

Andininy 30. – Izay rehetra olona, ka latsa-danja ny zony taorian'ny fanoratana, dia tsy afaka mihitsy manao fitoriana mikasika ny fanana-mifaka, afa-tsy fotsiny ihany, raha misy fitaka, dia afaka manao fitoriana ho an'ny tena manokana ho fanonerana ny tambiny amin'ny olona nanao ny fitaka.

Andininy 31. – Ny titra fananan-tany momba ny fitompoana sy ny fisoratana dia tsy mitahiry ny zo raketiny afa-tsy raha hoe tsy foana, sy nokosehina ary novana sy manaporofo manoloana ny olon-kafa fa ilay olona voalaza ao dia tena miantsoroka ny zo voatanisa ao.

Ny fanafoanana na fanovana atao aty aoriana dia tsy azo atohitra olon-kafa voasoratra tamin-kitsim-po.

Ny fanazavana tsotra eny amin'ny fitsarana sy fifanolanana momba ny teny sy ny filazana tsy mazava na nampiroana mikasika ny fanoratana dia azo atohitra olon-kafa.

Andininy 32. – Ny tompony, afa-tsy izay rehetra olona hafa, dia manana zo hanana dika marina, tena izy ary feno, amin'ny takelaka sy tapakila voaisa sy voasonia, momba ny titra fitompoana sy ny planina mitovana aminy. Io kopia tokana momba ny fananan-tany io dia anondroana anarana ka ny mpikajy ny fananan-tany no manamarina ny maha-tena marina izany amin'ny fametrahany eo amin'izany ny soniany sy ny kasen'ny fikajiana ny fananan-tany.

Izay rehetra mpizaka ny vokatra, mpanofa maharitra na mpisitraka ny ambonin'ny tany, dia manana ihany koa zo hanana dika marina, tena izy ary feno amin'ny titra manokana izay takiny ny fanaovana izany. Ny olona hafa manana zo tena izy sy loloha momba ny fananan-tany dia tsy manan-jo afa-tsy amin'ny fanomezana fanamarinam-pisoratana anononana anarana ahitana ny kopia ara-bakiteny misy ireo fanamarihana mikasika ny tena zo na loloha voasoratra.

Ny dika simba izay tsy ampy takelaka na tapakila iray na maromaro dia manjary tsy azo itokiana sy tsy azo ampiharina.

Paragrafy 2

Momba ny tany tànana araka ny zo fitompoana tsy voasoratra

Seham-pampiharana

Andininy 33. – Fitambaran'ny tany, na eny an-tànan-dehibe na eny ambanivohitra, izay ampiharana ny fomba fitànana ny tany izay ahitana soritra ny fikarakarana ataon'ny olon-tsamirery na itambarana, fampiasana tsy hita misongadina ary maharitra, araka ny fomba fanao eo an-toerana amin'io fotoana io ary arakaraka ny tokony ho fampiasana ny tany, izay mety ho azo ekena ho toy ny zo fitompoana amin'ny alalan'ny sora-panekena momba ny fananan-tany.

Fitondrana araka ny lalàna

Andininy 34. – Ny Sampan-draharaha ara-panjakana mahefa ao amin'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana miandraikitra ny fananan-tany tsy voasoratra no manao ny sora-panekena momba ny fananan-tany izay manaiky ho toy ny zo fitompoana ny fipetrahana, ny fampiasana na ny fanamaintisamolaly ny tany, taorian'ny paika arahina momba izany, izay tsy maintsy mahafeno ireto fepetra raketin'ny feni-kevitra manaraka ireto :

— ny paika arahina dia atao ampahibemaso sy ifanatrehana ;

— ny vaomiera natao ho amin'izany, ka ny ho anisany dia ho feran'ny fepetra voalazan'ny lalàna manokana ho an'ny tany tsy vita titra , dia tendrena amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny tompon'andraikitra mpanantanteraka ao amin'ny Vondrombahoaka voakasika ;

— misy fitànana an-tsoratra atao ka ny kopian'izany dia tsy maintsy alefa any amin'ny fari-piadidiana ny fananan-tany sy ny fizakan-tany iankinan'ilay Kaominina ;

— ny fanoherana tsy tapaka tamin'ny fitsirihana ny tany dia marihina ao anatin'ny fitànana an-tsoratra, ary ny fandaminana izany izay atao araka ny fombafomba voalaza araka ny lalàna dia tsy maintsy azo alohan'ny hanaovana ny sora-panekena momba ny fananan-tany ;

— ny sora-panekena momba ny fananan-tany dia ataon'ny tompon'andraikitra mpanantanteraka eo an-toerana sonia.

Andininy 35. – Ny fangatahana fanekena ny zo dia azo ataon'ny olon-tsamirery na itambarana.

Raha toa izany ka fangatahana itambarana, dia mety ho :

— avy amin'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana. Amin'ity fisehoan-javatra ity, ny tany anton'ny fangatahana dia azo omena ilay Vondrombahoaka ho toy ny fanomezana, araka ny didim-pitondrana ataon'ny manampahefana ara-panjakana mahefa araka ny lalàna, izay afaka na tsia manao ny fanoratana mialoha ny tany. Raha toa ka natao ny fanoratana ny tany voakasika sy ny fanaovana ny titra fananan-tany amin'ny anaran'ny Kaominina, ity farany dia

tsy afa-mampiasa ilay titra afa-tsy amin'ny fanaovana sora-panekena momba ny fananan-tany ho an'ireo mipetraka eo na mpampiasa ny tany ekena. Ireto farany ireto koa dia afaka, raha tiany izany sy raha toa ka feno ny fepetra voalazan'ny lalàna, mangataka amin'ny fitondran-draharaha momba ny fananan-tany ny hanaovana titra fananan-tany ;

— avy aminà fikambanan'ny mpampiasa, natsangana araka ny lalàna. Amin'ity fisehoan-javatra ity, ny tany izay anton'ny fangatahana dia azo omena azy araka ny didim-pitondrana ataon'ny manampahefana ara-panjakana mahefa araka ny lalàna, izay afaka na tsia mampanoratra mialoha ny tany.

Raha toa ka fangatahana ataon'olon-tsamirery, dia ampiharina ny fepetra manokana voalazan'ny lalàna momba ny fitompoana ny tany tsy vita titra.

Andininy 36. – Ny zo hita fototra sy ekena amin'ny alalan'ny sora-panekena momba ny fananan-tany dia azo atohitra olon-kafa mandra-pisian'ny porofo mifanohitra amin'izany natao araka ny fitsipika voalazan'ny lalàna itambarana.

Fitantanana ny fananan-tany tsy vita titra

Andininy 37. – Ny tany tsy vita titra, fa hita fototra araka ny sora-panekena momba ny fananan-tany, dia ahafahan'izay mitàna izany mampiasa ireo sora-panekena rehetra araka ny lalàna momba ny tena zo sy ireo fisampanany eken'ny lalàna manan-kery, indrindra ny famoizana ka andoavam-bola na maimaimpoana, ny fampitana ho lovàna, ny fampanofana, ny fampanofana mandritra ny taona maro, ny famononana antoka.

SOKAJY 4

Momba ireo tany tafiditra ao amin'ny faritra fehezin'ny fitondrana manokana araka ny lalàna

Andininy 38. – Amin'nyfampiharana ny fepetra voalazan'izao lalàna izao, dia tsy maintsy jerena ireo faritra tsy tafiditra ao anatin'izany satria fehezin'ny fepetra araka ny lalàna manokana. Izany dia ahitana indrindra :

— ireo tany mamorona ny faritra voatokana ho an'ny tetikasa fampiasam-bola hamokarana;
— ireo tany miankina amin'ny seha-pampiharana ny lalàna mikasika ny Faritra arovana;
— ireo tany izay ampiasaina amin'ny fanohanana ny fampiharana ny fifanarahana natao sonia ao anatin'ny lalàna momba ny fitantanana ny loharanon-karena voajanahary;
— ireo tany izay voafaritra araka ny lalàna ho toy ny miankina amin'ny fampiharana ny zo fitrandrahana ala;
— Ireo tany izay mamorona ny velaran-tany arovana ho fampiharana ny fifanarahana iraisam-pirenena nankatoavin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

SOKAJY 5

Momba ny fitondran-draharaha mikasika ny fananan-tany sy ny fizakan-tany

Ny fepetra ara-panjakana momba ny fitantanana

Andininy 39. – Ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefanaindrindra ireo ao amin'ny ambaratonga fototra, no mametraka ny (ireo) sampan-draharaha voatokana ho fampiharana ny fepetra voalazan'izao lalàna izao sy ireo rijan-teny hafa mikasika ny fitantanana ny fananan-tany sy ny fizakan-tany, amin'ny fampiasana ny tandrifim-pahefana ekena ho azy ireo.

Andininy 40. – Ny fitondran-draharaha an'ny Fanjakana no mandamina ireo sampan-draharaha naparitaka ao aminy ho fanatanterahana ny tandrifim-pahefana izay nomen'ny lalàna azy ireo ka tandrovina amin'izany ny hisian'ny fifamenoana amin'ireo sampan-draharaha naparitaka voalazan'ny andininy etsy ambony, miaraka amin'ireo fanaraha-maso nankinina aminy.

SOKAJY 6

Fepetra farany

Andininy 41. – Ny zo amin'ny tany avy amin'ny fampiharana ny sata araka ny lalàna izay tsy noraisina ao anatin'izao rijan-teny izao, dia tsy maintsy anaovana fampifanarahana amin'ny fepetra entin'ity farany sy ireo rijan-teny ilaina ho fampiharana azy.

Andininy 42. – Misy rijan-teny ara-dalàna hamaritra ny fombafomba ilaina ho fampiharana izao lalàna izao.

Andininy 43. – Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao.

Ho tanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Avoaka hanan-kery ao Antananarivo ny 17 oktobra 2005

Nalaina tamin'ny Gazetim-panjakana laharana faha-3007 tamin'ny 02/01/06

TOVANA II:
Lalàna 2006-031 tamin’ny 24 novambra 2006 hamerana araka ny lalàna ny fitompoan’olon-tsotra ny tany tsy vita titra

FAMELABELARANA IREO ANTONY

Ny lalàna laharana faha 2005-019 tamin'ny 17 oktobra 2005 izay mamaritra ny fitantanana ireo karazana sata-tany eto Madagasikara dia nametra ireo zo Fananan-tany, anisan'izany ny tany fananan'olon-tsotra tsy misy titra ary koa manome safidy malalaka ireo tompon-tany amin'ny fanamarinana ny zony na amin'ny alalan'ny fombafomba fanoratana amin'ny bokin-tany izany na koa amin'ny alalan'ny kara-tany izay votoatin'ity lalàna ity.

Ity lalàna ity dia mamaritra ireo tanin'olon-tsotra tsy misy titra ary koa mametra ireo fomba hitantanana azy.

Ity lalàna ity dia ampiharina amin'ireo tany rehetra voamaintimolaly araka ny fomban-drazana ary tsy mbola fehezin'ny lalàna hafa ; toy ireo tanindrazana nolovain'ny taranaka mifandimby na toy ny kijana izay eken'ny fiaraha-monina fa an'ny fianakaviana iray, ankoatr'ireo kijana be velarana izay ho fehezin'ny lalàna manokana.

Araka ny foto-kevitra momba ny fanapariahana ny fitantanana ny Fananan-tany voalazan'ny lalàna lasitra mifehy ny sata-tany eo ambony, dia andraikitr'ireo vondrombahoaka itsinjaram-pahefana ifotony no mametraka sampan-draharaha antsoina hoe « Birao Ifoton'ny Fananan-tany » eny anivony mba hiandraikitra ny fitantanana ireo tany tsy vita titra ireo.

Koa dia misy fepetra vitsivitsy tsy maintsy tanterahana mba hampandeha tsara io rafitra io.

Araka izany, ireo vondrombahoaka itsinjaram-pahefana ifotony dia tsy maintsy mametraka ny atao hoe sarin-tany mampiseho ireo satan-tany izay mirakitra ny toetra samihafa amin'ny fampiasana ny tany eo amin'ny faritra iadidiany toy ny tanim-panjakana tsy azo amidy, ny tanim-panjakana azo amidy, tanin'ireo vondrona samihafa miankina amin'ny Fanjakana, ny faritra arovana manana ny sata mifehy azy manokana, ny tany vita titra ary ny famaritana ireo fanamaintisa-molaly efa misy. Ny sarin-tany mampiseho ny sata-tany izany dia fitaovana iray ara-tsaritany ho entin'ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana ifotony hitantanana araka ny fomba manarapenitra ny tany eo amin'ny faritra misy azy.

Manampy izany, tsy maintsy ampidirin'ny vondrom-bahoaka ao amin'ny teti-bolany ny ho enti-mampandeha io sampan-draharaha io ary koa tsy maintsy misy mpiasa voahofana hiasa amin'izany fitantanana fananan-tany izany.

Ny antom-pisian'io sampandraharaha io dia hanatanteraka ny fankatoavana ny zo fananan-tany amin'ireo faritra efa voamaintimolaly. Ny taratasy mirakitra ny fanekena izany zo fananan-tany izany, antsoina hoe "kara-tany" dia omena izay tompony nanamaintimolaly aorian'ny fanatanterahana ireo fombafomba voalaza ato amin'ity lalàna ity.

Ny fangatahana fankatoavana ny zo fananan-tany dia azo atao amin'ny anaran'olon-tokana na amin'ny anaran'ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana na amin'ny anaran'ny vondrona voatsangana ara-dalàna ho tombotsoan'ireo mpikambana ao aminy. Ny fombafomba apetraka ho fankatoavana ny zo fananan-tany dia nohamoraina ary ho tanterahina indrindra eny anivon'ny vondrom-bahoaka ifotony.

Na izay aza anefa dia nojerana akaiky ato amin'ity lalàna ity ihany koa ireo fepetra isan-karazany mba handaminana ireo fifanolanana mety hisy. Ny taratasy mirakitra ny fankatoavana ny zo fananan-tany izay omena aorian'ny fombafomba rehetra dia porofo ho an'ny tompon'ny tany izay mitovy amin'ny titra fananan-tany ho porofo ho amin'ireo tany vita titra.

Noho izany, ilay tompon'ny tany dia afaka manantanteraka ireo fifanarahana rehetra ankatoavin'ny lalàna manankery toy ny fifampivarotana, ny fifanakalozana, ny fanaovana antoka ny tany, ny fampanofana tsotra na maharitra, ny tolotra. Azo ato ihany koa ny manao famindram-pananana amin'ny alalan'ny fandovana.

Farany, azo avadika ho titra fananan-tany eo anivon'ny sampandraharam-panjakana momba ny fananan-tany ny kara-tany aorian'ny fombafomba izay ho feran'ny lalàna mifehy ny tany vita titra.

Toy izany ny votoatin'ity lalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana –Fahafahana- Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

LALANA LAHARANA FAHA 2006-031

TAMIN'NY 24 NOVAMBRA 2006

Amerana ny fitondrana araka ny lalàna fitompoan-olon-tsotra ny tany tsy vita titra

Ny Antenimieram-pirenena sy ny Antenimieran-doholona dia nandany tamin'ny fotoam-pivoriana ampahibemaso nataony avy tamin'ny 11oktobra 2006 sy tamin'ny faha 18 oktobra 2006,

NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,

Araka ny Lalàmpanorenana,

Araka ny fanapahana laharana faha-24-HCC/D3 tamin'ny 22 novambra 2006 nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana,

Dia mamoaka hampanan-kery ny lalàna izay toy izao ny andinindininy :

TOKO VOALOHANY

FEPETRA ANKAPOBE

Sokajy voalohany

Famaritana

Andininy voalohany : Ny fitondrana araka ny lalàna ny fitompoan'olon-tsotra ny tany tsy vita titra dia ny an'izay ampiharina amin'ny tany na tsy voasoratra am-boky, na tsy vita kadasitra, ka ny fipetrahana ao dia zahana fototra amin'ny alalàn'ny paika arahina voafaritra ao amin'ity lalàna ity.

Sokajy 2

Sehatra fampiharana

Andininy 2. – Ny fitondrana araka ny lalàna ny fitompoan'olon-tsotra ny tany tsy vita titra dia ampiharina amin'ny fitambaran'ny tany, ambonivohitra na ambanivohitra :

— ipetrahana nefa mbola tsy voasoratra ao amin'ny rejisitry ny fananan-tany ;
— na tsy ao anatin'ny tanim-panjakana tsy azo amidy na tsy ao amin'ny tanim-panjakana eto amin'ny Firenena na Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ;
— tsy ao amin'ny faritra fehezinà sata manokana ;
— nanaovana fitompoana araka ny fomban-drazana sy araka ny fanao amin'ny fotoana sy fomban-tany.

Ny fitondrana araka ny lalàna ny fitompoan'olon-tsotra ny tany tsy vita titra dia tsy mihatra amin'ireo tany izay tsy misy mipetraka mihitsy na tsy nanaovana fitompoana mihitsy ka mijanona ho tanim-panjakana eto amin'ny firenena.

Tsy misy mihitsy na dia iray aza Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana afaka milaza fa mikasa hahazo tanim-panjakana mikasika ny fitompoan'olon-tsotra ny tany tsy vita titra.

Sokajy 3

Fitantanan-draharaha mikasika ny fitompoan'olon-tsotra ny tany tsy vita titra

Andininy 3. – Nyfitantanana ny fitompoan'olon-tsotra ny tany tsy vita titra dia fari-pahefan'ny Vondrombahoaka fototra.

Amin'izany, izy io dia mametraka sampam-pitondran-draharaha manokana ka ny fananganana sy ny fombafomba fampandehanana dia hofaritana amin'ny alàlan'ny didim-panjakana.

Araka izany, ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana dia mandany singa ao amin'ny teti-bola, atao vola miditra sy vola mivoaka, ahafahana mamatsy ara-bola ny fampandehanana io sampan-draharaha io.

Mba tsy ho foana izany, dia tsy misy na iray aza paika fankatoavana momba ny zo amin'ny fipetrahana amin'ny tany azon'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana atao alohan'ny fametrahana ny sampan-draharaha, ho fanatanterahana ny tetibola notinapaka sy neken'ny manampahefana mahefa mialoha, sy ny fametrahana ny Planina eo an-toerana momba ny Fipetrahana amin'ny tany.

Ny amin'ny Planina eo an-toerana momba ny Fipetrahana amin'ny tany (PLOF)

Andininy 4. – Ny Planina eo an-toerana momba ny Fipetrahana amin'ny tany dia fitaovana fototra ahalalana eo amin'ny sarin-tany :

- ny famaritana ny satan'ny tany tsirairay miaraka amin'ny famantarana manokana ;
- ny fanondroana mazava ny sombin-tany azo aankina amin'ny tandrifim-pahefan'ny sampan-draharaha ara-panjakana ao amin'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana fototra ;
- Ny fahazoana manaraka ny fivoatry ny toe-draharaha eo amin'ny fizakan-tany sy ny fananan-tany mikasika ireo sombin-tany ao anatin'ny faritry ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana fototra.

Ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana fototra, miaraka amin'ny Sampan-draharaha momba ny fizakan-tany sy ny fandrefesan-tany napariaka mahefa eo amin'ny faritra, no mametraka, araka izay fitaovana eo aminy, eo amin'ny ambaratongan'ny faritra misy azy, ny Planina eo an-toerana momba ny Fipetrahana amin'ny tany. Apetraka ao amin'io Planina eo an-toerana momba ny Fipetrahana amin'ny tany io ny sombin-tany anton'ny zo fitompoana ny tany misy titra, na miankina amin'ny tanim-panjakana.

Ny Sampan-draharahan'ny fananan-tany ao amin'ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana dia mitàna ihany koa filazalazana fampahalalàna mikasika ny tany tsy vita titra araka ny filazalazana etsy ambony.

Ny zo mahakasika ny sombin-tany voarakitra ao amin'ny Planina eo an-toerana momba ny Fipetrahana amin'ny tany dia izay natao araka ny didy aman-dalàna natao manokana ho an'ny sokajin-tany tsirairay.

Ny raharaha rehetra ary koa ny tsy anaovana ho tsy maty paik'andro ny fampahalalàna natao amin'ny PLOF dia tsy maintsy anaovana fampahafantarana ifanakalozana eo amin'ny Sampan-draharaha itsinjaram-pahefana ao amin'ny Vondrombahoaka sy ny Sampan-draharaha napariaka mahefa eo amin'ny faritra.

Tsy maintsy mifanaraka ny fampahalalana voarakitra ao amin'ireo Planina eo an-toerana momba ny Fipetrahana amin'ny tany tànan'ny Sampan-draharaha itsinjaram-pahefana ao amin'ny Vondrom-bahoaka sy ny Sampan-draharaha napariaka mahefa eo amin'ny faritra.

TOKO 2

NY AMIN'NY FANKATOAVANA NY ZO FITOMPOAN'OLON-TSOTRA TANY TSY VITA TITRA

Sokajy 1

Ny amin'ny fangatahana fankatoavana ny zo fitompoana

Andininy 5.– Ny fangatahana fankatoavana ny zo fitompoan'olon-tsotra ny tany tsy vita titra misy mipetraka dia mety ho itambarana na mandeha isam-batan'olona.

Izany dia voafetry ny fametrahana mialoha ny Planina eo an-toerana momba ny Fipetrahana amin'ny tany araka ny fombafomba voalaza ao amin'ny andininy faha-4 etsy ambony, sy ny fametrahana ny antontan-taratasy fangatahana araka ny fombafomba ho faritana amin'ny alalan'ny didim-panjakana.

Paragrafy 1

Ny amin'ny fangatahana itambarana

Andininy 6. – Ny fangatahana itambarana dia na avy aminà Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana iray, na avy aminà vondron'ny olona mipetraka natsangana araka ny fepetra voalazan'ny lalàna mana-kery.

Andininy 7.– Raha toa ny fangatahana ka avy aminà Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana, dia tsy maintsy ho ny tompon'andraikitry ny fanatanterahan-draharaha eo an-toerana no manao izany ho fampiharana ny fanapahan-kevitra iray.

Andininy 8.– Ny vondron'ny olona mipetraka mizaka ny zom-pirenena malagasy, voatsangana ara-dalàna, dia afaka mangataka amin'ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana mahefa eo amin'ny faritra, ny hampiasana ny paika arahina momba ny fankatoavana fitompoan'olon-tsotra ny tany tsy vita titra :

a- na izany ho an'ny mpikambana ao aminy;

b- na izany ho an'ny vondrona ;

d- na ho an'izy roa ireo mitambatra araka ny voalazan'ny fitsipi-pitondrana mifehy azy.

Ny fangatahana dia tsy maintsy milaza ny famaritana ny farafaritra sy ny famariparitana ny faritra.

Andininy 9. – Raha toa ny fangatahana ka avy aminà vondrona, dia tsy maintsy ho ny solontenany ara-dalàna na ny olona nomem-pahefana ho amin'izany no manao azy, araka ny fepetra voalazan'ny fitsipi-pitondrana mifehy azy.

Ny mpikambana ao amin'ny vondrona dia afaka ihany koa, raha toa ka tiany izany ary raha toa ka feno ny fepetra volazan'ny lalàna, mangataka amin'ny Fitondran-draharaha momba ny fananan-tany mahefa hanao ny titra fananan-tany.

Paragrafy 2

Ny amin'ny fangatahana isam-batan' olona

Andininy 10. – Raha toa ny fangatahana ka avy amin'ny vatan-tenan'olona iray, ity farany dia tsy maintsy mizaka ny zony eo anatrehan'ny lalàna, mizaka ny zom-pirenena malagasy ary tompon'ny tany araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-33 amin'ny lalàna laharana faha-2005-019.

Sokajy 2

Ny amin'ny paika arahina momba ny fankatoavana

Andininy 11. – Amin'ny fankatoavana ny zo fitompoana ny tany tsy vita titra nipetrahana, dia ny sampan-draharaha mahefa ao amin'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana no mampihatra ny paika arahina amin'ny fankatoavana mahafeno ireto fepetra manaraka ireto :

a) Ny paika arahina dia tsy maintsy ampahibemaso sy ifanatrehana.

Amin'izany, ny fepetra ho fampahafantarana ny besinimaro dia tsy maintsy atao mba ahazoan'ny olona rehetra voakasika manao fanamarihana na izay mety ho fanoherana.

Ny fombafomba fampiharana ity andàlana ity dia ho ferana amin'ny alàlan'ny didim-panjakana.

b) Ity paika arahina ity dia ataon'ny vaomiera momba ny fitsirihina eny an-toerana ka toy izao ny ho anisan'izany :

— ny Filoha mpanatanteraka ao amin'ny Vondrombahoaka fototra ao amin'ny toerana misy tany na ny solon tenany ;
— ny na ireo Lehiben'ny Fokontany ao amin'ny toerana misy ny tany nipetrahana anton'ny fankatoavana.
— Ireo Raiamandreny ao amin'ny Fokontany nofidiana ao amin'ny lisitra nataon'ny Lehiben'ny Fokontany isan-taona, araka ny tolo-kevitra avy amin'ny mponina ao, sy nampahafantarina amin'ny alàlan'ny peta-drindrina ao amin'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana ary ao amin'ny iray na ireo Fokontany voakasika.

Ny mpikambana ao amin'ny vaomiera no mifidy izay ho filohany.

Mpandraharaha iray ao amin'ny Sampan-draharaham-panjakana voakasika ao amin'ny Vondrombahoaka fototra itsinjaram-pahefana no misahana ny sekretaria ao amin'ny vaomiera.

d) Ny Filoha mpanatanteraka eo an-toerana no mametra, amin'ny alalan'ny fanapahana, ny vaninandro anaovana ny fankatoavana, sy manendry ary miantso ny mpikambana ao amin'ny vaomiera.

Ny fanapahana, ankoatra ny fampahafantarana azy ny mpangataka, dia atao peta-drindrina ao amin'ny toerana ara-panjakana natao ho amin'izany ao amin'ny Vondrombahoaka fototra eo an-toerana hatramin'ny vaninandro anaovana ny fitsirihana eny an-toerana.

Ny vaninandro entin'ny fanapahana no fanombohan'ny fe-potoana fampahafantarana ny besinimaro sy fandraisana ny fanoherana ka ny fe-potoana faharetany dia ferana amin'ny alàlan'ny didim-panjakana.

e) Ny raharaham-pitsirihana izay atao ampahibemaso sy ifanatrehana, dia mifototra amin'ny :

— Famantarana ny na ireo sombin-tany, anton'ny fangatahana fankatoavana;
— Fizahana fototra ny zo fipetrahana araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-33 amin'ny lalàna laharana faha 2005-019 tamin'ny 17 oktobra 2005;
— Fandraisana izay mety ho fanamarihina sy fanoherana;
— Fandaminana amin'ny alalan'ny raharaham-pihavanana ny olana sy ny fanoherana.

Aorian'ny raharaham-pitsirihina eny an-toerana, dia atao ny fitànana an-tsoratra ka soniavin'ny mpikambana ao amin'ny vaomiera, ny mponina manodidina ary ny mpangataka miaraka amin'ny fanehoan-kevitra omban'ny antonantony, rehefa novakiana ampahibemaso teo anatrehan'ny olona nanatrika.

Andininy 12. – Ny fanoherana dia azo atao am-bava amin'ny fotoana anaovana ny raharaham-pitsirihina na atao an-tsoratra ka apetraka na alefa any amin'ny sampan-draharaha momba ny fananantany mahefa ao amin'ny Vondrombahoaka fototra na amin'ny fotoana anaovana fitsirihana.

Ny fanoherana dia azo raisina manomboka vaninandro nametrahana ny fangatahana ka mandrapahatapitry ny fe-potoana 15 andro aorian'ny vaninandro anaovana ny raharaham-pitsirihana.

Ny hany azo raisina dia ireo fanoherana mifototra amin'ny tena fitsitrahana araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-33 amin'ny lalàna voalaza etsy ambony.

Marihina ao amin'ny fitànana an-tsoratra ny fanoherana tsy tapaka tamin'ny fotoana nanaovana ny fitsirihana.

Ny fandaminana ny fanoherana dia aroso amin'ny fitsarana fanelanelanana mialoha ataon'ny filohan'ny rantsana mpanapa-kevitra, ampian'ny mpanolo-tsaina roa.

Ny fitsarana fanelanelanana dia azo anaovana fampakaram-pitsarana ao anatin'ny roapolo andro nampahafantarana azy any amin'ny Tribonaly sivily izay hanapaka farany araka ny paika arahina amin'ny didy maika.

Ny fanomezana taratasy fanamarinana ny fankatoavana ny zo fitompon' olon-tsotra ny tany tsy vita titra dia ahantona mandra-pahazo ny fanapahana raikitra.

Sokajy 3
Ny amin'ny fanomezana ny kara-tany

Andininy 13. – Rehefa tapitra ny fe-potoana fanaovana ny fanoherana, ny Sampan-draharaham-panjakana mahefa dia manao na ny ireo taratasy fanamarinana ny fankatovana ny zo fitompoan' olon-tsotra ny tany tsy vita titra mikasika ny na ireo tany nonenana anton'ny fangatahana.

Ny kara-tany dia soniavin'ny Filoha mpanatanteraka ao amin'ny Vondrombahoaka fototra itsinjaram-pahefana.

Ny fanomezana ny kara-tany dia tsy azo atao raha tsy aorian'ny fanefana ny sara sy vola fandoa mifandraika amin' izany.

Ny Sampandraharaham- panjakana mahefa no mitàna tsy ho maty paik' andro ny Planina eo an-toerana momba ny Fipetrahana amin'ny tany ka soratany ao ny sombin-tany nanaovana paika arahina amin'ny fankatoavana ny zo.

Sokajy 4
Lanjan'ny kara-tany eo anatrehan'ny lalàna

Andininy 14. – Ny zo fitompoana ekena amin'ny alàlan'ny kara-tany dia azo atohitra olon- kafa mandrapisian'ny porofo mifanohitra amin'izany.

Ny olana sy fanoherana mikasika ireo zo fitompoana ireo dia alamina araka ny fepetra voalazan'ny toko 5 amin'izao lalàna izao.

Andininy 15. – Raha misy tsy fifanarahana eo amin'ny filazana voarakitra ao amin'ny kara-tany sy ny an'ny taratasy firaketana ao amin'ny Sampandraharaham- panjakana mahefa ao amin'ny Vondrombahoaka fototra, dia ireto farany ireto no itokiana.

Andininy 16. –Raha misy fahasimbana na fahaverezan'ny kara-tany, dia azo atao ny manolo azy araka ny fombafomba faritan' ny didim-panjakana.

TOKO 3
FITANTANANA NY FITOMPOAN'OLON-TSOTRA TANY TSY VITA TITRA

Andininy 17. – Ny zo fitompoan'olon- tsotra tany tsy vita titra ekena araka ny kara-tany, dia ahafahan' izay mihazona izany misahana ny fifanekena rehetra araka ny lalàna mikasika ny tena zo sy ny fisampanany eken'ny lalàna manan- kery.

Ny fitondrana araka ny lalàna ireo tena zo ireo voalaza ao amin'ny tany vita titra dia ampiharina amin'ny an' ireo tany tsy vita titra, na dia eo aza ny fepetra voalazan' izao lalàna izao.

Ireo fifanekena ireo dia tsy maintsy voasoratra ao amin' ny taratasy firaketana ao amin'ny Sampandraharaham-panjakana mahefa mba ho azo atohitra olon- kafa.

Ny paika arahina amin'ny fanagiazana ny zo dia izay noferan'ny Fehezan-dalàna momba ny paikady madio mikasika ny fanana- mifaka sady tsy voasoratra no tsy vita kadasitra.

Ho ferana amin'ny alàlan'ny didim-panjakana ny fombafomba fitànana ho tsy maty paik' andro ny taratasy firaketana.

Raha toa ny fifanekena ka mitarika famindram-tompo ny zo fitompoan' olon-tsotra tany tsy vita titra, ny kara- tany tany am-boalohany dia esorina teo an-tànan' izay mitazona azy, foanana ary soloina kara-tany vaovao amin'ny anaran' ny tompon-jo vaovao.

Andininy 18. – Ny tsy fisiana hita fototra ny fampiasana ny zo fitompoan' olon-tsotra tany tsy vita titra dia zary anton'ny fahaverezan' izany zo izany eo an-tànan'ny tompony.

Heverina ho toy ny tsy fisian'izany fampiasana ny zo izany ny fihetsiky ny olona manana ny zo fitompoana ho toy ny tsy tompony nandritra ny fe-potoana mitohy folo taona, afa-tsy noho ny antony tsy azo anoharana.

Ho ferana amin'ny alalàn'ny didim-panjakana ny paika arahina manokana ahafahana milaza fa misy ny tsy fampiasana ny zo.

Izany fahaverezan-jo ambaran'ny Tribonaly sivily eo amin'ny toerana misy ny fanana-mifaka izany dia mitarika fametrahana mpiahy amin'ny fitantanana ny fanana-mifaka, izay ankinina amin'ny Sampan-draharaha napariaka momba ny fananan-tany ao amin'ny Fanjakana, mandritra ny fe-potoana roa taona raha kely indrindra, ka rahefa tapitra izany, nefa mbola tsy misy miseho hitandro ny tombotsoan'ny tompon' ilay kara-tany, dia ambaran'ny Tribonaly ny famindrana ho amin' ny Harem-panjakana eto amin'ny Firenena ny zo fitompoana.

Andininy 19. – Ny fanoratana sy fanovana rehetra atao amin'ny taratasy firaketana any amin'ny Sampan-draharaham-panjakana any amin'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana fototra dia tsy maintsy ampahafantarina ireo Sampan-draharaha napariaka momba ny fananan-tany ao amin'ny Fanjakana, mba ho fampifanarahana ny fahalalana momba ny fananan-tany, araka ny fombafomba izay ferana amin'ny alalàn'ny didim-panjakana.

Andininy 20. – Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-24 amin'ny lalàna laharana faha 2005-019 tamin'ny 17 oktobra 2005 amerana ny feni-kevitra mifehy ny satan'nytany, ny tompon'ny kara-tany dia afaka mahazo ny fanovàna azy io ho titra fananan-tany araka ny fombafomba feran'ny didim-panjakana sy araka ny fepetra mikasika ny fitompon' olon-tsotra ny tany vita titra.

Andininy 21. – Ny fanovàna ny taratasy fanamarinam-pankatoavana ny zo fitompoana ho titra fananan-tany dia tsy azo atao raha tsy aorian'ny fametahana baorina amin'ny sombin-tany mifanaraka ny fepe-dàlana sy didy amam-pitsipika manan-kery, ary raha misy ilàna izany aorian'ny fandravonana tanteraka ny fifanolanana amin'ny Fanjakana.

Ny vaninandro ametahana ny baorina dia zary fiandohan'ny fe-potoana maharitra 15 andro iasana izay ahafahana mandravona ny fanoherana sy manoratra am-boky ny fangatahana ny fanoratana.

Ny fombafomba fanaovana ny fanovàna ny kara-tany ho titra fananan-tany dia hoferana amin'ny alàlan'ny didim-panjakana.

Andininy 22. – Aorian'ny fanoratana am-boky ny sombin-tany sy fananganana ny titra fananan-tany, ny Fari-piadidian'ny fizakan-tany sy fananan-tany dia mampahafantatra amin'ny Sampam-pitondran-draharaha mahefa ao amin'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana fototra, ny fananganana ny titra, ho fitànana tsy ho maty paik' andro ny Planina eo an-toerana momba ny Fipetrahana amin'ny Tany sy ny rejisitra momba ny sombin-tany.

TOKO 4
SAZY

Andininy 23. – Ny fomba sy paika arahina rehetra voalazan'ny andininy faha-2 hatramin'ny andininy faha-14 amin'ity lalàna ity dia didina raha tsy izany foana.

Io fanafoanana io dia azon'ny olona rehetra voakasika singanina na amin'ny fotoana anaovana ny fanaraha-maso ny maha-ara-dalàna voalazan'ny lalàna mikasika ny Fitsinjaram-pahefana.

TOKO 5
FANDRAVONANA NY OLANA SY FIFANOLANANA AMIN'NY FANJAKANA

Andininy 24. – Ny olana rehetra momba ny fampiharana ity lalàna ity mikasika ny tena zo amin'ny fanana-mifaka singanin'ny Fanjakana, na ny olon-tsotra dia ao anatin'ny fari-pahefan'ny Tribonaly sivily manokana.

Andininy 25. – Ny fandravonana ny olana na ny fanoherana eo amin'ny samy olon-tsotra, mikasika ny fitompoan'olon-tsotra ny tany tsy vita titra dia tsy maintsy karohina mialoha amin'ny alalàn'ny paika arahina momba ny fampihavanana sy fanelanelanana ampiharina ara-dalàna eo anivon'ny Vondrombahoaka voakasika, alohan'ny ahafahana manolotra izany eo amin'ny Tribonaly mahefa.

TOKO 6
FEPETRA TETEZAMITA

Andininy 26. – Mandra-pametrahana ny Sampam-pitondran-draharaha ao amin'ny Vondrombahoaka fototra miandraikitra ny fitantanana ny fitompoan' olon-tsotra ny tany tsy vita titra, ny Sampan-draharaha anapariaham-pahefana ao amin'ny Fanjakana, ankoatra ireo fari-pahefany momba ny lalàna iombonana mikasika ny fizakan-tany sy fananan-tany, dia miantoka ny fitantanana ireo sombin-tany araka ny fepetra voalazan'ity lalàna ity sy ny an'ny mikasika ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana fototra.

TOKO 7

FEPETRA FARANY

Andininy 27. – Ny fombafomba fampiharana ity lalana ity dia ho ferana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika.

Andininy 28. – Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao. Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Antananarivo, 24 novambra 2006

Nalaina tamin'ny Gazetim-panjakana laharana faha-3089 tamin'ny26/02/2007